

NY FANAMBADIANA: OLANA TRANAINY

(*Le mariage – probleme ancien*)

“... mandrapahafaty anareo?”

“Izay nakamban’Andriamanitra!...”

Famelabelarana araka ny fijery ara-Baiboly nataon’i

Ewald FRANK

FAMPIDIRANA

Noho ny trangan-javatra sasantsany dia hita fa ilaina ny mitondra valim-panontaniana «*ny amin’ireo zavatra nosoratanareo.*» toy ny voalazan’i Paoly tamin’ny fiangonan’i Korinto. Tsy maintsy hazavaina tanteraka indray mandeha indray àry ny mikasika ny fanambadiana, lohahevitra izay tena miavaka. Ity lohahevitra ity, izay sady sarotra tokoa no manan-danja lehibe raha mbola miaina eto an-tany isika, dia tsy maintsy esorina hiala ny sehatry ny adihevitra, toy ny atao amin’ny fampianaranana rehetra, ary hovelabelarina amin’ny alàlan’ireo fanambaran’ny Baiboly — Andriamanitra anie hitahy izany — mba tsy hisy intsony ny fisalasalana. Satria hattrizay nisian’ny fanambadiana dia nisy foana ny fikorontanan-tokantrano dia nampiasa saina olona maro tamin’ny vanim-potoana rehetra izany: ohatra, tamin’ny andron’i Mosesy; tamin’ny andron’ny Tompontsika sy ireo Apostoly. Fa ity fandinhana ity dia atodika manokana amin’ny fotoanantsika ankehitriny izao. Hitantsika ao amin’ny Soratra Masina ny valin’ireo olana sy fanontaniana rehetra mikasika izany. Saingy, tsy araka ny mety antenantsika, dia tsy misy toko manokana izay iangonan’ireo fanontaniana sy valim-panontaniana rehetra mikasika io lohahevitra marolafy io. Toy ny amin’ny tranga jiaby, ireo andalana mikasika zany dia miparitaka, ary indraindray dia tsy manome afa-tsyz ampahana valim-panontaniana monja, mitsitokotoko. Tsy maintsy karohina àry izy ireo mba ahafahana manambatra azy.

Fotoana farany ao amin'ny Fiangonana no iainantsika izao, izay nanambaran'ny Fanahy ny zavatra rehetra, ka tsy maintsy hamerenana azy rehetra amin'ny toetrany voalohany, araka izay nandaharan'Andriamanitra azy. Miahys ireo Olony ny Raintsika any an-Danitra, ka tsy navelany hiroaroa saina isika ny amin'io lohahevitra io. Fantany fa maro isika no ory noho ny tsifisian'ny fiadanam-po eo anivon'ny ankohonana, ka tiany esorina amin'izany mba ahafahantsika manompo Azy an-kafaliana sy am-pahatoniana, ary nanome torolàlana amin'io koa Izy, amin'ny maha-Ray tsara fanahy Azy.

Ny toriteny “Fanambadiana sy fisarahanam-panabadiana“ nataon'i *William Branham* ny 21 Febroary 1965 izay nampifandraisiny tamin'ny Soratra Masina no fototr'ity fanadihadiana ity. Nampiandraiketana ny famelabelarana, araka ny Soratra Masina, an'io lohahevitra io koa izy, tahaka an'i Paoly tany am-piandohana. Araka ny filazany dia nomena azy niaraka ny manodidina io lohahevitra io sy ny andalana ao amin'ny Baiboly mifandraika amin'izany. Namafisiny fa io fanambarana io, izay tsy maintsy nampitainy tamin'ny Fiangonana, dia anisan'ireo “zavamiafina“ izay voambara tamin'ny fanokafana ireo Tombokase. Araky ny fantatry ny rehetra ny “fanambarana“ dia filazana zavatra tsy hain'olona taloha. Kanefa nisalasala betsaka i *William Branham* vao nitory io lohahevitra io, satria natahotra izy ny tsy ahazoan'ny olona izay holazainy, ary koa ny mety ho vokatr'izany toy ny fisarahana sy zavatra hafa. Tao amin'ny toriteniny *Ny Eksodosy fahatelo*, ny 30 Jiona 1933 izy dia nilaza matetika fa nandre Feo niteny taminy.

Hoy izy: “Ataovy io horonampeo mikasika ny fanambadiana sy ny fisarahanam-panabadiana io. Hitanareo? Raha sitraky ny Tompo, ary raha mbola manavesatra ny foko izany, ary koa raha mbola atoron'ny Tompo zavatra hafa mikasika io aho, ataoko fa tsy maintsy hanaovako horonampeo izany“. Mbola nampiany aza hoe: “Mety hampihainoan’ ny olona ireo mpitsara io kasety io, mba ho fantatr'izy ireo izay lazain’ny Tompo mikasika ny fanambadiana sy ny fisarahanam-panambadiana.“

Efa taorian'izany, rehefa avy nilazan'ny Tompo izy hiakatra indray eny an-tendrombohitra, ary ny Tompo nidina indray tao anatin'ilay rahona mahagaga niresaka taminy mikasika ny fanambadiana sy ny fisarahanam-

panambadiana, vao nitory ilay hafatra izay nambara taminy izy, tao amin'ny fiangonany ao *Jeffersonville*.

Hoy izy: “Nisy Zavatra niteny tamiko hoe ‘Indao ianao hankany antendrombohitra, Izaho hiteny amina’... Nijery Azy ny tanàna iray manontolo. Tsara tokoa ny andro tamin’izay, tsy nisy rahona na tokana, afa tsy io rahona niloko vonivony io, niendrika lantonoara, izay niantona teo, dia niakatra, avy eo nivelatra. Ry sakaiza malala, tamin’io fotoana no voambara tamiko ny zavatra holazaiko aminareo izao ihany; koa aza andalovana izany.“

Mitranga indray ankehitriny izay efa nitranga hattrizay: Te-handre feo ana mpaminany isika, saingy sady miandry azy hilaza izay efa nahazatra ny sofintsika ihany, izany hoe izay efa nampianarin’ny hafa. Kanefa ny hevitra iray nampianarina efa ela be aza, na koa ny hevitra iray toa tsara sy tena ara-pivavahana tokoa, dia mety tsy hifanaraka tanteraka amin’izay voalazan’ny Baiboly. Ireo lehilahy 400 tamin’ny andron’i Ahaba izay nofehezin’ny fanahin’ny lainga, dia mpaminany neken’ny rehetra, tena mpaminan’ny Fiangonan’Isirael. Fa Mikea kosa, izy dia “mpaminanin’Andriamanitra“. Toy ny tsifitovian’ny fotsy sy ny maintsy no tsy itovian’izany. Efa naminany ny Tompontsika fa hisy mpaminany sandoka maro be hitsangana amin’ireo andro farany. Ary namarininy koa izay voalazan’ny mpaminany Malakia, fa ho avy ny mpaminany Elia hampody ny zavatra rehetra (Matio 17:11, Asa 3:19-21), dieny mbola tsy ho tonga ny andron’i Jehovah, lehibe sy mahatahotra. Tonga tamin’ny mpaminany hatrany ny Teny, ary izy ireo dia afaka milaza marina ny andro, ny volana ary ny taona nahazoany Azy (Hagay 2:1,10,18 sy ny hafa). Izay voasoratra dia mbola manan-kery ankehitriny. «*Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin’ny mpaminany mpanompony.*» (Amosa 3:7; Apok.10:7 sy ny hafa)

Ny iraka izay nandeha naka an'i Mikaia niteny tamin'ilay mpanompon' Andriamanitra hoe: «... aoka re ny teninao mba ho tahaka ny an'ny anankiray amin'ireo, ka mba mitenena soa koa.» (2 Tantara 18:12). Satria i Zedekia, lehiben'ny mpaminany, efa nanao tandroka vy, ary naminany mafy, nihika hoe: “Izao no lazain’i Jehovah“ (and. 10), kanjo tsy “Izao no lazain’i Jehovah Tompon’ny maro“ akory izany, fa “Izao no

lazain'i Zedekia“ ihany. Rehefa nanomboka niteny toy ireo hafa teo alohany ilay lehilahin'Andriamanitra, dia nahatsapa i Ahaba — na mpanjaka efa nihemotra aza izy — fa misy zavatra tsy mety, koa nibedy an'i Mikaia izy «... ***mba tsy hilaza na inona na inona amiko amin'ny anaran'i Jehovah afa-tsy izay marina ihany***» (2 Tant.18:15). Dia nolazain'i Mikaia tamin'ireo mpanjaka roalahy, Josafata sy Ahaba, ary ny fanambarana izay azony, satria Josafata, na dia efa naheno ireo mpaminany 400 aza, mbola nanontany sao misy hafa mbola tsy nohenoiny, anankiray hafa izay niresahan'Andriamanitra koa. Hoy ny fanambarana hoe: «***Henoy ary ny Tenin'i Jehovah: Nahita an'i Jehovah nipetraka teo amin'ny sezafiandrianany aho, ary ireo maro be rehetra any an-danitra nitsangana teo amin'ny ankavanany sy teo amin'ny ankaviany...***» (2 Tant. 18:18). Mikaia irery no nanana ny Tenin'i Jehovah, ilay tena Fanahin'Andriamanitra, ilay IZAO NO LAZAIN'I JEHOVAH, fa ny mpaminany hafa rehetra dia nanana fanahin-dainga nanaraka ny fisainana ara-pivavahana. Raha misy olona milaza azy ho “nirahin'Andriamanitra“, kanefa mbola izay lazaina na nolazain'ny hafa rehetra ihany no lazainy, Andriamanitra dia tsy niteny tamin'ny alàlany. Afa-tsy raha izy milaza fanambarana avy tamin' Andriamanitra, izay **mandrakariva** hafa noho ny fampianarana nentindrazana sy eken'ny maro, kanefa **mandrakariva** koa mifanaraka amin'ny voalazan'ny Soratra Masina, dia Jehovah tokoa no niteny

ARAKA NY SORATRA MASINA

Ny rahalahy *Branham* dia nanana ireo andalan'ny Baiboly izay nasehon'ny Tompo azy, ary nomeny tao anatin'ny manodidina sahaza azy tsirairay avy izany, ka nasehony ny fifandraisana misy amin'izy ireo. Ary izany no nahatonga ireo mpanara-maso tsy nifantoka tsara nilaza azy ho “mpaminany tavela tao amin'ny Testamenta Taloha“. Kanefa, na teo aza ireo ohatra notsoahany tao amin'ny Testamenta Taloha, ny toriteniny dia nitodika mandrakariva tamin'ny Fianganan'ny Tompo an'izao andro farany izao. Ny Andriamaniry ny Testamenta Taloha ihany no mbola Andriamaniry ny Testamenta Vaovao. Tsy miova Izzy, omaly sy anio ary mandrakizay, ary mbola mitoetra ity Teny ity: «***Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho***

fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana ...» (2 Tim. 3:16). Isaky ny ahitana ao amin'ny Testamenta Vaovao filazana hoe “*Araka ny Soratra Masina...*“ na “*Araka izay voasoratra...*“ na koa “*Mba ahatanteraka ny voasoratra...*“, dia ny Testamenta Taloha hatrany no resahina. Satria ny Testamenta Vaovao rahateo mbola teo am-pikotrehana Azy. Nandritra ireo taonjato roa voalohany dia nampitampitaina eran'ny fiangonana rehetra ireo Filazantsara sy ireo epistily nosoratan'ny apostoly. Marihin'i Paoly ao amin'ny epistiliny ho an'ny Kolosiana izany. «*Ary rehefa voavaky aty aminareo ity epistily ity, dia asaovy hovakina ao amin'ny fiangonan'ny Laodikiana koa; ary vakionareo kosa ilay avy amin'ny Laodikiana.*» (Kol.4:16). Efa tamin'ny faran'ny taonjato fahatelo sy fiandohan'ny taonjato fahefatra vao nangonina ireo asasoratra ireo ho boky tokana izay fantatsika amin'ny anarana hoe “Testamenta Vaovao”, izay voatondro ho *canon [didimpiangonana]*, izay midika hoe “fitsipika“ na “fenitra“. Na ireo toritenin’ny Tompo, na ny an’ireo apostoly tany am-piandohana, dia tsy nifototra afatsy tamin’ny Testamenta Taloha. «*Dia hoy Izy taminy: Izao no teniko izay nolazaiko taminareo, fony mbola tao aminareo Aho, fa tsy maintsy ho tanteraka izay rehetra nanoratana Ahy teo amin'ny lalàni Mosesy sy ny mpaminany ary ny Salamo. Dia nanokatra ny sain'ireo Izy hahalala ny Soratra Masina.*» (Lioka 24:44-45). Ao amin’ny Jaona 7:38, dia nihiaka ny Tompo hoe: «*Izay mino Ahy, ..., araka ny voalazaran'ny Soratra Masina.*» (Jaona 7:38). Lioka dia nanambara an’i Paoly toy izao: «... **ary izy nilaza sy nanambara taminy ny fanjakan' Andriamanitra hatramin'ny maraina ka hatramin'ny hariva, ary ny teny eo amin'ny lalàni Mosesy sy ny mpaminany no nitaomany azy hino an'i Jesosy.**» (Asa. 28:23). Nisy hatrany, andalana ao amin’ny Testamenta Taloha izay nifandraika tamin’ny voalaza no voatondro, manomboka ao amin’ny Matio toko voalohany ka hatramin’ny epistilin’i Joda, mandalo ireo Filazantsarara hafa rehetra, sy ny fampianarana rehetra ao amin’ny epistilin’ireo apostoly, na talohan’ny Pentekosta izany, indrindra tamin’ny andron’ny Pentekosta (Asa 2), na koa isaky ny misy dingana vita tao amin’ny Tantaran’ny Fanavotana.

Izay fampianarana tsy mifandray amin’ny Lalàni Andriamanitra dia avy amin’ilay “ratsy“, araka ny voalazaran’i Paoly ao amin’ny 2 Tesaloniana,

toko faha-2. Andriamanitra dia mifamatotra mandrakizay amin'ny Teniny, ary fatorany amin'izany Teny izany koa ireo Olony mba tena hiainan'izy ireo ny fahafahana. Mety tsara amin'ny ny toritenin'ny Testamenta Vaovao izany. Ary maneho izany indrindra ny fomban-drahalahy *Branham* raha nampiasa ireo ohatra, izay ny Tompo mihitsy no nanome azy, mikasika ny fiaimpianan'ny olona voarakitra ao amin'ny Testamenta Taloha izy. «*Mba ho tanteraka ny olon' Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'hy asa tsara rehetra.*» (2 Tim. 3:17)

Tsy azo lazaina ho ara-Baiboly ny fampianarana iray afa-tsy raha mandray sy mampirindra ny Testamenta Taloha sy ny Vaovao roa tonta izany. Izany no antony maha-diso lâlana ireo vondrona kristiana maro, satria tsy nalainy ho fototra ny Testamenta Taloha. Ao amin'ny toriteniny “*Fanambadiana sy fisaraham-panambadiana*“ dia mahatsikaiky antsika hatrany ireo fampitahana tsy mahazatra izay noraisin’ny lehilahin’ Andriamanitra, izay fantatsika fa na izy ihany aza tsy ho nampiasa izany. Ny fanetrentena nomena azy dia nahafahany niteny hoe: “Satria fanontaniana ara-Baiboly izany, dia tsy maintsy ahitana valiny ao amin’ny Baiboly“. Saingy, ireo valiny ara-Baiboly izay nomeny dia tsy mifanaraka amin’ny fiheverena moderna ananantsika ankehitriny. Ny miralenta no faneva manjaka amin’ny fisainan’izao andro izao, amin’ny lafiny rehetra. Ny “fanafahana“ tanteraka no “lamaody“ izao, hany ka loza ho an’ny olona sahy hilaza fa miandany amin’ny voalazan’ny Baiboly izay lazaina fa sady “konka“ no “nilaozan’ny toetr’andro“.

AZO TAMIN’NY TOMPO

Ao amin’ny sasintenin’ny toriteniny (par. 25), ny rahalahy *Branham* dia mampatsiahys ireo trangan-javatra an’aliny nambara taminy fa hitranga ary tena nitranga avokoa, tsy nisy diso, na tokana aza. Ary navelany an’ny fiangonany, izay naheno sy nahita izany nandritra ireo taona maro, ny nanamarina izany tamin’ny “Amena!” iray lehibe. Aorian’izany vao nopofoiny — na dia manjaka sy torina ary inoana eny-rehetra-eny aza — ny fahadisoana *amin’ny lafiny ara-Baiboly* an’ireo fampianarana *anankiroa* lehibe izay mifanohitra.

Hoy izy: “Misy foto-pampianarana lehibe anankiroa mikasika ny fanambadiana sy ny fisaraham-panabadiana. Ny iray milaza fa tsy mahazo manambady ny lehilahy iray afa-tsy indray mandeha ihany, raha tsy hoe maty ny vadiny. Anisan’ireo fanontaniana izany. Raha izany zotra izany no arahinareo, dia diso lèlana ianareo. Ny faharoa milaza hoe ‘Raha ny lahy na ny vavy mijangajanga, dia afaka misaraka sy manambady olon-kafa ilay iray’. Fa izany zotra izany koa dia maha diso lèlana anareo.“ (par.50)

Tsy mahafinaritra loatra ny miresaka mikasika ny fiainan’olona manokana. Kanefa Andriamanitra izay mikatsaka ny mahasoa antsika amin’ny maha Ray Azy, dia miteny mikasika ny fifandraisantsika olombelona Izy, ary nampanoratra, hitoetra mandrakizay, ireo Fampianarany, ireo Didiny, ary ireo Fandrarany. Izy no Ilay mahafantatra indrindra antsika, ny mahasoa antsika, ary ny fiantraikan’ny fandikantsika ireo lalàna mikasika ny tenantsika amin’ny fiainantsika ara-panahy. Ny tsifankatoavana ataantsika ao amin’ny tenantsika manko no miteraka fahasimbana ao amin’ny fanahintsika, ary manasaraka antsika amin’Andriamanitsika. Noho izany, ho an’ny zanak’Andriamanitra, ny zavatra rehetra voalazan’ny Soratra Masina dia tsy maintsy ankatoavina. Raha nanome ny Lalàna Andriamanitra, dia nametraka antsika hisafidy amin’ny fiainana sy ny fahafatesana, amin’ny fitahiana sy ny ozona — ny fiainana raha mankatò ny Teniny, ny fahafatesana raha mandika izany. Ny Mpamonjy antsika, izay nisolo toerana antsika, Izy dia nankatò hatramin’ny fahafatesana teo amin’ny hazofijaliana (Filip.2:8), mba hanavotany antsika amin’ny tsifankatoavan’i Adama (Rom.5:19 sy ny hafa). Hoy ny Mpanavotra antsika hoe: «... fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran’Andriamanitra no mitoetra eo aminy.» (Jaona 3:36). Petera dia manoratra hoe: «Tahaka ny zanaka manoa, tsy mitondra tena araka ny filanareo fahiny ...» (1 Pet. 1:14). Tsy misy afa-tsy anankiroa ny lèlan-kaleha: na ny tsifinoana arahin’ny tsifankatoavana, na ny finoana arahin’ny fankatoavana. Aiza ny lèlana nofidintsika? Aiza amin’ireo no misy antsika? Tsy ilaina mijery ny hafa eto, fa ny tsirairay mihitsy no mamela ny Tenin’Andriamanitra hitsara azy. Tsy maintsy hakambana ireo andalan’ny Baiboly mikasika zavatra iray ihany. Fa ny fakana andalana tokana monja ao amin’ny Baiboly, ka tsy iraharahiana ny

hafa, dia mampikorontana ny Tenin'Andriamanitra. Tsy eo io Tenin'Andriamanitra io mba hanome rariny an'iza na iza, ary vao mainka tsy eo Izy mba hanamafisana ny fandikana manokana ataontsika Aminy. Ny hanome rariny an'Andriamanitra no antony iainantsika, ary hankatò ireo Teniny rehetra. Ohatra, izay tsy manavaka sady tsy mandinika ny teny mitodika amin'ny lehilahy, sy ny teny mitodika amin'ny vehivavy, dia tsy nahazo ny fandehan-javatra, na koa angamba tsy te-hahalala izany tsara izy. Hatrany hatrany, rehefa miteny Andriamanitra hoe "ralehilahy", dia ny lehilahy no ao an-tsainy, rehefa miteny Izy hoe "ravehivavy" dia ny vehivavy izany. Ny zavatra sainin'Andriamanitra hatrany no teneniny, ary tsy miteny Izy afa-tsy izay ao an-tsainy.

TOY IZANY NO NIANDOHANY

Ao amin'ny fiandohana, izany-hoe ao amin'ny bokin'ny Genesisy (izay midika "loharano", "fiandohana") no nojeren-drahalahy *Branham* voalohany, ao izay ahitana ny fihavian'ny ratsy rehetra, ao izay ahitana ny fahalavoana tao amin'ny fahotana, ary mifamatotra amin'izany, ny tsifankatoavana voalohany ny Teny, ny fanangolena voalohany, ny fijangajangana voalohany, sy ny sisa. Velabelariny ny naha-tao amin'i Adama an'i Eva tamin'ny famoronana ny vatana ara-panahy (Gen.1), ary ahoana, ao amin'ny toko faha-2, teto ambonin'ny tany, ny fomba namoahana an'i Eva avy tamin'i Adama, sy ny nanolorana izany azy. Araka izany, dia aseho amintsika hatramin'ny fiandohany ny "tantaran'ny fanavotana" ao anatin'ny tantaran'ny zanak'olombelona. Efa tao amin'ny Mpamonjy ny Ampakarin'i Kristy, raha mbola tao anaty vatana ara-panahy Izy, fa tsy nivoaka avy tao Aminy Izy raha tsy efa niseho tamin'ny vatana-nofo Izy ka nanatanteraka ny fanavotana teo amin'ny hazofijaliana tao Golgota.

Avy eo dia nambaran-drahalahy *Branham* tao amin'ny toriteniny fa tamin'ny fiandohana, tsy nisynoforonina afa-tsy "lahadroa" tokana isaky ny karazana, izany hoe lahy iray sy vavy iray. Ary navoitrany fa tsy mba nirona tamin'ny fahotana ny famoronana voalohany, ka tsy nety ho fitahina (par.131). Izany no antony nandrambasan'ny fahavalox ny vehivavy, izay

tsy tao amin'ny famoronana voalohany amin'ny maha singan'olona mahaleotena azy teo an-kilan' i Adama, fa kosa notsoahina avy taminy tato aoriana. Ity baiko manaraka ity no nomen'Andriamanitra an'i Adama, raha mbola tao aminy i Eva: «***Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao.***» (Gen. 2:16-17). Adama no nitenenan'Andriamanitra, fa ny fahavalolo kosa, izy, nifidy an'i Eva niresahany, ary nampikorontaniny tamin'ireo hevi-petsiny ny amin'izay “**notenenin'Andriamanitra**“. Ankehitriny, mbola ireny teny ireny ihany no ampiasainy fahavalolo eny am-bavan'ny olona maro: “**Ho nihevitra izany ve Andriamanitra?**“, sy ny hoe: “**Tena niteny tokoa ve Andriamanitra fa...?**“, dia manomboka eo ny fanasimbana ny Tenin'Andriamanitra. Hazo iray manokana izay tsy azoohanina ny voany no tao an-tsain'Andriamanitra; ny “hazon'ny fahalalana“, ny fahavalolo kosa, izy, niteny “**ny hazo rehetra**“. **Ny marina dia nijanona tao amin'ny lohahevitra noresahina izy, fa tsy nijanona tao amin'ny fahamarinana.**

Tao amin'ny asa famoronona voalohany, izy roa, lahy sy vavy, dia tao anaty endrika tokana. «*Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka ny endrik' Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy.*» (Gen. 1:26-29). Na efa vita tanteraka ny famoronana ary hita fa tsara, ary nitsahatra tamin'ny Asany rehetra Andriamanitra ny andro fahafito, rehefa avy nitso-drano sy nanamasina io andro fahafito io (Gen.2:1-3), dia izao no voalaza ao amin'ny andininy 2:5b: “... *ary tsy nisy olona hiasa ny tany...* “. Efanoforonina ny vatana-nofon'i Adama, vao nampatoriana izy, ary notsoahina taminy i Eva. Tao anatin'io vatana-nofo io ny olona vao afaka niasa ny tany, ary tao amin'io vatana io koa no nahalavo azy; ary izany no antony tsy maintsy nidinan'i Jehovah tao anatin'io vatana-nofo io mba hanafaka antsika amin'ny ota, ka hanavotra antsika. Tsy maintsy natao nitovy tanteraka amin'ny lafiny rehetra amin'ireo kendrena havotana ny Mpamony (Heb.2:17), mba ho afaka hitovy Aminy izy ireo (1 Jaona 3:2) rehefa mby amin'ny fahatanterahana. Latsaka eo ambanin'ny fahefan'ilay ratsy ny zanak' olombelona noho ny fanangolen'i Satana nihavian'ny fiterahana voalohany

izay nahatonga ny taranaky ny olombelona ateraka ara-nofo. Kaina dia zanak'ilay "ratsy" (1 Jaona 3:12). Ao amin'ny "Rainay izay any an-Danitra" isika dia mivavaka hoe "... afahonao izahay amin'ny ratsy" (Mat. 6:13b). Tsy maintsy tonga tao anaty vatan'olombelona ny Tompon'ny Lanitra, nateraky ny Fanahy, mba hanafaka antsika amin'ny fahalavoana ao amin'ny fahotana, ary hanavotra antsika amin'ny herin'ilay "ratsy".

Raha vao nanaiky nihaino an'i Satana i Eva, dia efa teo ambany fahefany. Ary nitaominy teo ambanin'io izay nisy azy io koa Adama, ka notarihiny niaraka lavon'ny ota taminy, rehefa nitsipaka ny didy iray izay nazava tsara anefa. Koa, raha misy vehivavy mitaona ny vadiny handà ny Tenin'Andriamanitra, dia latsaka ambany fifehezan'ilay "ratsy" tahaka an'i Eva izany vehivavy izany. Mazava hoazy fa, toy ny fahiny, ny adihevitra amin'izany dia mikasika ny amin'ny "izay nolazain'Andriamanitra". Amin'ny tranga toy izany, tsy tsapan'ireo vehivavy akory fa naolan'ny fahavalo tao an-tsainy sy teo am-bavany ny Tenin'Andriamanitra. Ampiasain'i Satana hatrany ny Tenin'Andriamanitra mba hamitahana — toy izany no nanatonany ny Tompontsika niaraka tamin'ireo "voasoratra hoe" — satria tsy misy afa-tsy toy izany no ahafahany mandavo ny zanak'Andriamanitra. Ny lainga, raha dinihina, dia tsy inona fa fahamarinana akorontana ambony-ambany, izany hoe aolana. Tsy maintsy manaraka ny ohatra nomen'ny Tompontsika àry isika, ka miatrika azy amin'ny "fa voasoratra koa hoe". **Mandray andalana sasany** ao amin'ny Baiboly Satana, raisiny mitokana izany, miala ny manodidina azy, mba hamitahana ny mpino; fa isika kosa, **raisintsika ny Teny manontolo hanoherantsika** io mpanangoly io.

NY FIAFARAN'NY "FIANDOHANA"

Hatezerana lehibe no navalin'i Jehovah-Andriamanitra io fahalatsahana tamin'ny ota io. Nozoniny ny menarana, izay namery teo-noeo ny fitenenana sy ny endriny voalohany. Talohan'io izy dia afaka nitsangana sy niteny, fa hatreo dia tsy maintsy nandady tamin'ny tany izy. Tsy voaozona i Eva fa voasazy, ary izany dia ny mba ahatadidiavany fotsiny ny fitaka, tsy maintsy anaty fahorianana no ahazoany zanaka. Tsy teo

amin'ny vava no nametrahan' Andriamanitra ny sazy, fa tena tao amin'ny tokony handray izany, dia tao amin'ny kibon-dreny. Ny nanaronan'izy ireo ny famenarany tamin'ny ravin'aviavy — fa tsy ravina paoma izay tsy resahin'ny Baiboly akory — dia manazava tsara izay nitranga. Tsy voaozona ihany koa i Adama, fa ny tany izay tsy maintsy iasany no voaozona. Ary tsy maintsy ny hatsebohan'ny tavany no ihinanany hanina. Ny fanakianana nataon'ny Tompo taminy dia: '*Satria efa nihaino ny feon'ny vadinao ianao*“ (Gen.3:17).

Hatramin'ny fahalavoana tao amin'ny fahotana, ka hattrizao, ny teny nolazaina tamin'i Adama sy Eva dia mbola manan-kery ho an'ny mpino, satria vatana mitovy amin'ny an'ireo ihany no ivahinian'izy ireo eto antany. Amim-pahoriana ihany koa no ahazoan'ireo vehivavy mpino zanaka, ary an-katsebohan'ny tava ihany koa no anaovan' ireo lehilahy mpino ny asa fivelomany. Efa any amin'ny fanovana ihany vao ho tanteraka ny fanafahana ny vatana. Mandra-pahatonga izany dia mitovy ihany ny mahazo ny vatana ho an'ny mpino sy ny tsimpino; mitovy ny filàna sy ny aretina ho an'ny rehetra.

Raha vao niditra ny loza dia efa nampanantena ny fanavotana sahadys Andriamanitra, izany hoe, ho tonga amin'ny alàlan'ny vehivavy ny “Voa“ hanorotoro ny lohan'ny menarana. Nampiditra ny voany tamin'ny alàlan'i Eva i Satana, fa Andriamanitra kosa nitondra ny Voany tamin'ny alàlan'i Maria. Izao no nolazain'Andriamanitra, raha nitodika tamin'ny fahavalo Izy: «*Dia hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotoro ny lohanao, ary ianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony.*» (Gen. 3:15)

Raha nanohy niresaka ny amin'ny fahalavoana tamin'ny ota ny rahalahy *Branham*, dia nilaza izy fa efa lasa ireo zavatry ny fiandohana, izany hoe ireo zavatra izay nolazain'i Jesosy Tompontsika fa “...tsy toy izany tany amin'ny fiandohana.“ (Mat.19:8). Tsy maintsy nisy fanekena vaovao nilaina taorian'ny fahalavoana, hoy ny lehilahin' Andriamanitra, ary izany fanekena izany dia namarana ny fimirana lenta tamin'ny lehilahy sy ny vehivavy.

Hoy izy (Par.155-156).: “ Mariho izao ity: Taorian’ny fiandohana, rehefa avy nanomboka ny fotoana (talohan’ny fotoana dia ny mandrakizay), rehefa vita ny fiandohana, taorian’ny fahalavoana noho ny nataon’i Eva, dia tsy maintsy nisy fanekena vaovao indray natao. Hahatafintohina anareo izany, kanefa ndeha homeko anareo ireo andalana manaporofa ny fahamarinan’izany ao amin’ny Soratra Masina. Mariho fa Jesosy nilaza fa talohan’ny fahalavoana dia lahadroa iray isaky ny karazana no namboarin’ Andriamanitra. Fa avy eo dia nialana izany. Tao amin’ny fanekena voalohany dia nitovy lenta izy anankiroa. Fa taorian’ny fahalavoana dia nisy ny fanekena vaovao hafa. Tsy niaraka nanana fahefana tamin’ny lehilahy intsony ny vehivavy. Tsy maintsy nisy fanekena manokana ho an’ny tsirairay tamin’izy roa.“

Efa lasa ny fitoviana, izany hoe ny fimirana lenta tamin’ny lehilahy sy ny vehivavy, ary Andriamanitra mihitsy no nametraka an’i Adama ho tompon’ny vadiny. “... *ka izy hanapaka anao*“. (Gen.3:16). Tsy misy miova amin’izany ho an’ireo vehivavy mpinon’ny Testamenta Vaovao, na dia maro amin’izy ireo aza no miteny an-karihary, na mangingina hoe: “Ho tianareo raha toy izany ny zavatra!“. Paoly dia nanoratra hoe: «*Ary tiako ho fantatrareo fa Kristy no lohan’ny lehilahy rehetra; ary ny lehilahy kosa no lohan’ny vehivavy; ary Andriamanitra no lohan’i Kristy.*» (1 Kor. 11:3). Mbola izany, ary mbola ho izany ny lamin’Andriamanitra ho an’ny mpino. Ny vehivavy iray tena mpino marina, izay mitoetra amin’ny toerany tsara, dia hanaiky ny andraikiny amin’ny fony rehetra. Fa raha miala amin’ny fahefan’ny lahy izy dia manafoana ny lohany, ary lasa tena “tsy misy loha“ tokoa. Fony tonga ny fahalavoana tamin’ny ota, dia efa lasa ny “fiandohana“ nolazain’i Jesosy.

Hoy ny mpaminany (par.160): «Marihontsika eto izay nolazain’i Jesosy mikasika ity Teny ity: “*Tsy toy izany tany am-piandohana*“. Tsindrio fa TSY tamin’ny fiandohana fa TAORIAN’ny fiandohana, dia **indro, misy fanekena roa samy hafa**. Nisy ny fanekena **voalohany** izay nampitovy lenta an’i Adama sy Eva, lehilahy iray sy vehivavy iray. Kanjo, nanota ilay vehivavy, dia inona no vokany? — Nandatsaka azy rehetra tao amin’ny fahafatesana izany, ary voatery nanao fanekena hafa indray

Andriamanitra, fanekena vaovao. Indro izany, ao amin'ny Genesisy 3:16. Nanao fanekena vaovao Izy».

Eny, izany no izy! Avy eo, dia mitarika antsika amin-javatra hafa ny rahalahy *Branham*, izay tsy azo saintsainina raha topaza-maso, fa rehefa dinihina kokoa, dia mahasoa antsika izany ary mahazo toerany izay voalazany:

Hoy izy (par.164 sy 165): “ Hitanareo, taorian’ny fiandohana dia nisy zavatra hafa nampidirina. Hanafintohina anareo izay holazaiko izao... Rehefa natao ary io fanekena roa sosona io, tamin’ny lehilahy sy tamin’ny vehivavy, tamin’ny alàlan’ny firaisansara ara-nofo (Fanekena vaovao hafa tanteraka izany. Tsy ilay fanekena voalohany izany, fa fanekena hafa mihitsy), dia inona no tafiditra? — Ny fampirafesana no nisy teny rehetra teny!... Izany no fanekena faharoa: lahy iray miaraka amina vavy maro be.“

Araka ny efa nolazainay, nanafintohina antsika nihoampampana tokoa izany, tsy vonona ny handre izany isika. Kanefa tsy ny hampiditra ny fampirafesana no kendrena eto, fa ny mametraka ny fanitsiana ara-Baiboly. Araka ireo Soratra Masina no namelabelaran-drahalahy *Branham*, ary ny zavatra ambaran’ny Tenin’Andriamanitra no ampianariny, izany hoe tsy mitovy amin’ny toeran’ny lehilahy ny toeran’ny vehivavy.

Miainga avy amin’izany fototra izany ny mpaminany, dia manohy, araka ny fomba hentitra an’Andriamanitra, ary tsapa eo amin’ny feony izany.

Hoy izy (par.167): “Marihonareo ity:aza andalovana izany izao. Hazony mafy ao am-ponareo izany. Tsy nisy tamin’ireo vehivavy nahazo nanambady mihoatry ny tokana. Ny lehilahy no famoronana voalohany fa tsy izy. Tsy nisy tamin’ireo vehivavy nahazo nanana vady anankiroa, fa ny lehilahy iray kosa nahazo nanana vady arivo. IZAO NO LAZAIN’NY TOMPO izany. Izany no voalazan’ny Baiboly“

Tsy nanao tsindrimpeo tamin’izany fisainana izany koa ve i Paoly ny amin’ny vehivavy? «*Aza soratana ho isan’ny mpitondratena izay latsaka noho ny enim-polo taona sady efa nanam-bady indray mandeha ihany*» (1 Tim. 5:9). Voasoratra mazava tsara mikasika ny vehivavy hoe: «*Fa ny*

vehivavy izay manambady dia fehezin'ny lalàna ho an'ny lahy, raha mbola velona ny lahy; fa raha maty kosa ny lahy, dia afaka amin'ny lalàn'ny lahy izy. Koa raha mbola velona ny lahy, ka manambady olon-kafa ravehivavy, dia hatao hoe mpijangajanga izy...» (Rom.7:2-3). Voafatotry ny voadin'ny fanambadiana ny vehivavy raha mbola velona ny vadiny, ka raha tsy manaja izany voady izany izy dia meloka. Manamarina izany ny 1 Korintiana 7:39. Nanadino zavatra ve Andriamanitra? Sa nisy naha-diso Azy? — Tsia, tsia dia tsia! Io Paoly io ihany manohy, mikasika ireo mpitondratena tanora, lazainy fa tokony hanambady (1 Tim.5:14). Ny tsifitovian'ny toeran'ny lahy sy vavy dia mbola asongadin'ny andalan'ny Baiboly manaraka izay noraisin-drahalahy *Branham*.

Hoy izy (par.185): “Matio 5:31. Tiako ho marihinareo izany mba hanamafisana io fisainana IRAY sy MARO io... «*Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Izay rehetra misaotra ny vadiny afa-tsy noho ny fijangajangana ihany dia mampijangajanga azy* (Hitanareo? satria nahoana? — Satria manambady olon-kafa indray izy); *ary na zovy na zovy no manambady izay voasaotra, dia mijangajanga.*» Eto indray isika dia tsy maintsy mitandrina ny amin'ny hoe iza no itodian'ny teny ary inona no tena votoatin'izany.

Noho izany, ny lehilahy iray izay nanome taratasy fisaoram-bady ny vadiny mba ahafahan-dravehivavy manambady olon-kafa, dia tsy afaka mamerina azy indray ho vadiny rehefa maty io vadiny faharoa io, satria ho efa voaloto izy (Deo.24:1-4). «*Fa hoy Izy: Raha misy lehilahy misao-bady, ary efa miala ravehivavy ka vadin'olon-kafa, moa mahazo miverina aminy indray va ralehilahy? Tsy haloto tokoa va izany tany izany?...*» (Jer.3:1). Izany dia izany tokoa no hataon'Andriamanitra amin'izany tranga izany. Mety tsy vitsy ny hihoraka hoe: “Mahazendana raha lehilahin'Andriamaniry ny Testamenta Vaovao, toa an'i Paoly sy *Branham*, no mahateny izany! Aiza àry ny fahamarinana? Ny miralenta efa azontsika!” Marina izany. Ireo izay ao amin'ny fisainan'izao andro izao dia mampihatra ny miralenta, ary manandratra ny vehivavy eo ambonin'ny lehilahy mihitsy aza, izy no mifehy azy, toy ny voalazan'ny mpaminany. Kanefa manohitra izany fironan'ny andro ankehitriny izany ny Fanahin'Andriamanitra, mandra-petezan'ny vehivavy rehetra

nohamasinin'ny Teny ho eo ambany fifehezan'ny vadin'izy ireo, ary ny lehilahy rehetra ho fehezin'i Kristy tanteraka, mba ho tafatoetra ny lamin'Andriamanitra izay tsy miova.

Raisin-drahalahy *Branham* koa ny ao amin'ny 1 Timoty 2:9-15 izay ilazan'i Paoly fa tsy mamela ny vehivavy izy «*hampianatra na hanapaka ny lehilahy*». Rehefa nihaino ny fitaoman'i Satana i Eva, ka nanaiky azy, dia nanomboka nitaona an'i Adama koa izy, mandra-paneken'ity farany, ka nandikàny ny didin'Andriamanitra. Araka izany no nahatongavan'ny fahalavoana izay fitenenana-dratsy an'Andriamanitra, ary nandrava ny lamin'Andriamanitra, ka izany dia mbola mitohy amin'ireo izay tsy mety manaiky ny didin'Andriamanitra. Ity manaraka ity no fototra niorenan'ny apostoly ny amin'ny fifampifehezana: «*Fa Adama no natao voalohany, vao Eva. Ary tsy Adama no voafitaka, fa ny vehivavy no voafitaka, ka dia tonga mpanota.*» (1 Tim. 2:13-14). Avy eo dia ampifandraisin-drahalahy *Branham* amin'ny 1 Korintiana 14 izany, ary toa an'i Paoly, izy dia manisy tsindrimpeo amin'ny tokony hanginan'ny vehivavy sy ny hiaretany amin'ny fankatoavana, «*araka ny lazain'ny lalàna koa*» (1 Kor.14:34). Lamaody taloha? Testamenta Taloha? Fahavalon'ny vehivavy? — Tsia! Fa toy ny itoeran'Andriamanitra mandrakizay tsy miova, dia mitoetra manakery mandrakizay koa izay napetrany ao amin'ny Lalàny! Ny Tompo Jesosy tsy tonga handrava ny Lalàna sy ireo didy, fa kosa ny hanatanteraka azy ireny. Hoy Izy hoe: «*Aza ataonareo fa tonga Aho handrava ny lalàna na ny mpaminany; tsy tonga Aho handrava, fa hanatanteraka. Fa lazaiko aminareo marina tokoa: Mandra-pahafoan'ny lanitra sy ny tany, dia tsy hisy ho foana akory amin'ny lalàna, na dia litera iray na tendron-tsoratra iray aza, mandra-pahatanterak'izy rehetra.*» (Mat.5:18). Izay noteneniny indray mandeha dia manan-kery mandrakizay.

MITOETRA MAHARITRA NY LAMIN'ANDRIAMANITRA

Araka izany, mandroso sady tsy miova ny lamin'Andriamanitra, na tao amin'ny Testamenta Taloha na ato amin'ny Testamenta Vaovao. Mbola izay nolazainy 6000, 4000, na 2000 taona lasa ihany no lazainy ato amin'ny taonjato faha-20. Ny olona tsy mankatia izany dia mamestraka ny

tenany ho isan'ireo vahoaka moderina izay tsy manana fitarihana arapanahy, ka mandeha araka ny lèlany manokana, ho amin'ny fahaverezana. Tsy maintsy manontany tena isika ny amin'ny hanjo antsika, raha tähiny hiteny zavatra iray amin'ny fomba iray Andriamanitra, avy eo hiteny iny zavatra iny ihany amin'ny fomba iray hafa. Raha izany, Andriamanitra dia tsy afaka ho Ilay nahavita Drafti-panavotana tao amin'ny mandrakizay ho an'ny zanak'olombelona mba hanefany izany ao amin'ny tantaram-pamonjena, ary hitondrany izany amin'ny fahatanterahany ankehitriny. Raha tsy izany, ahoana no hahafahany hitsara izao-tontolo-izao araka ny Teniny rehetra, tsy an-kanavaka.

Hoy ny mpaminany; (Par.148) “Hitantsika mivelatra eo anoloantsika àry ankehitriny ny sary manontolo. Izany ny vehivavy. Koa tsy avelan’Andriamanitra hampianatra izy, na hanao na inona na inona ao am-piagonana, afa-tsy ny mangina, ary misaron-doha.“

Teny mafy sady tsy misy fitiavana ve izany? Iza no afaka hihaino izany? Iza no hahatanty izany? Iza no ho tafintohina ka mbola handeha araka ny lèlany ihany? Iza no ho afaka handray izany am-pankasitrahana ka hanaraka izany? — Tsy misy ao amin'ny Testamenta Vaovao asa fanompoana ataon'ny vehivavy, na apostoly, na mpaminany, na mpampianatra, na pastora. Kanefa, ao amin'ny taratasy fahefatra ho an'ny anjelin'ny Fiagonana, dia misy an'i Jezebela vehivavy milaza azy ho “mpaminany“ ka mampianatra toy ny “mpampianatra“ (Apok.2:20). Bedesin’Andriamanitra mafy ilay anjelin'ny Fiagonana noho izy mandefitra amin’io vehivavy io. Mbola izany no ataon’Andriamanitra ankehitriny.

Tsy maintsy nanohitra ireo mpaminanivavy Ezekiela, rehefa avy nanakiana ireo mpaminany (lahy) sy nanameloka ny asan’izy ireo (Ezek. 13). Hoy ny baikon’ny Tompo taminy: «*...handrino mafy ny zanakavavin'ny firenenao, izay manao faminaniana araka ny fony, ...*» (Ezek. 13:17). Filazana “loza!” no itenenany amin’ireo vehivavy mpanao ratsy an-kafetsena: «*Lozan'ny vehivavy rehetra izay manjaitra fono* (fampiharana mazika)...» (Ezek.13:18), fono izay natao ho mety amin’ny tranga rehetra. Ny faminanian’ izy ireo no ahafahany mambabo sy mamono fanahin’olona amin’ny alàlan’ny tsindrimandry diso izay azony,

izany hoe amin'ny alàlan'ny poizin'ny menarana anatin' izany. Tsy faminaniana izany fa tena fankatòvana. Mety miteny zavatra marina ny fankatòvana, saingy ny faminaniana dia avy amin'Andriamanitra, fa ny fankatòvana kosa avy amin'ny devoly. (Jereo Asa. 16:16-18, Asa.21:7-14, sy ny hafa). Misy famantarana telo hatrany ao amin'ny faminaniana izay avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra ho an'ny Fiagonana: **ny fanorenana, ny fankaherezana, ary ny fampiononana** (1 Kor.14:3). Izay rehetra avy amin'Andriamanitra dia mitarika antsika ho Aminy, ary mampiray antsika Aminy, **fa tsy amin'ny siny izay nampiasainy mba itenenana.** Ny mpaminany sandoka, ary indrindra fa ny mpaminanivavy sandoka, dia azo fantarina amin'izao: miteny mikasika an'Andriamanitra izy sady miseho amin'ny endrika ara-panahy tokoa, saingy, **izy ireo dia mamatotra ny olona amin'ny tenany** amin'ny alàlan'ny fanomezam-pahasoavana izay tahaka ny ananany, **ary mampiakina azy ireo amin'ny faminianany** sy ireo “fanambarana manokana“ lazainy fa ananany.

Izao no lazain'ny Tompo amin'ny vehivavy toy ireny, izay nisy hatrany tamin'ny vanimpotoana rehetra, ary nahataona olona hino azy — mariho: nohon'ny fanomezam-pahasoavana nananany — ka nahataona azy ireo teo ambanin'ny fifehezan'i Satana izay efa nisy azy ireny koa: «... *tsy hahita anoano foana na hanao faminaniana intsony ianareo; fa hovonjeko ho afaka amin'ny tènanareo ny oloko; ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah.*» (Ezek. 13:23). Mahatsiravina raha ny vehivavy toy ireny izay tsy manaja ny Teny, kanefa manana fahitana avy amin'ny tsindrimandrin'ny fanahin-dainga! Tsy mahatsapa akory ireo olona manaraka azy fa ny faminianany anie ka mifandray amina fankatòvana mpandainga. Dia toy izany no maha voafitaka ireo mpino “mora minomino foana“ amin'ny fomba toa tena araka an'Andriamanitra tokoa. Tsy hisy amin'izy ireo hahatsapa fa ireny olona ireny izay miseho toy ny tarihin'ny Fanahy sy “manana fanomezam-pahasoavana“ anie ka ampiasain'ny fahavaloo mivantana mba hisarika ny fiagonana ho amin'ny fahadisoana sy ny fahafatesana. Izany dia mamerina antsika amin'i Eva izay nanaiky nofitahin'ny fahavaloo, ary noho izany dia lasa fitao vany hanimbana ny planina voalohany an'Andriamanitra ho an'ireo Zanany. Mazava hoazy fa ny tsirairay dia mety ahazo tsindrimandry diso, toa an'i Petera izay te-

hanoro hevitra an'ny Tompo — hevitra tsara, saingy araka ny fisainan'olombelona — mba tsy hanjo Azy ny fijaliana, raha niteny tAminy mangingina izy hoe: «*Sanatria Aminao izany, Tompoko! Tsy ho Aminao tokoa izany! Fa Izy nihodina ka niteny tamin'i Petera hoe: Mankanesa ato ivohoko, ry Satana; fahatafintohinana Amiko ianao, satria tsy misaina izay an'Andriamanitra ianao, fa izay an'ny olona.*» (Matio 16:22-23). Kanefa raha niezaka nandresy lahatra Azy i Petera, tsy mba nilaza fahitana na faminaniana, toy ny fanaon'ireo “Jezebela” sy ireo mpaminany sandoka hatramin’ny ankehitriny. Tamin’io fotoana io, tsy niambina i Petera, ka tsindrimandry diso no nandavo azy, na dia tanjona tsara aza no nokendreny.

Tsy maintsy miambina isika rehetra. Isaky ny misy zavatra voateny, kanefa tsy mifanaraka amin’ny filazan’ny Soratra Masina, dia tsindrimandry diso izany, na olona iza na vavan’olona iza no nampiasain’ny fahavaloxotra notenenana. **Ny Teny ihany no mitoetra ho fitsipika mandrakizay.** Izay rehetra vokatry ny Fanahy Masina dia mifanaraka hatrany amin’ny Soratra Masina. Ny sisa rehetra dia fitaka arapivavahana, izay vokatry ny tsindrimandry diso. Tsy àry nilaina toy ny ankehitriny ny fanomezam-pahasoavana mamantatra ny fanahy, noho izao andro izao fotoanan’ny fitaka, ka mifanakaiky izaitsizy ny sandoka sy ny marina, hany ka na ireo voafidy aza mety ho voasarik’ireo fitaka arapivavahana. Raha ny amin’ireo **asa fitoriana ny Teny** dia tena **nampiandreketana ny rahalahy izany** ho fampandrosoana ny Fiagonana (1 Kor 12:28, Efes.4:11, sy ny hafa). Ho an’ireo vehivavy izay miomana hivavaka, na haminany, na hampiasa fanomezam-pahasoavana, Paoly dia mibaiko azy ireo — satria amin’ireny asa ireny ny tsindrimandry no miditra an-tsehatra ary amin’izany indrindra no ahafahan’ny devoly mandramby azy ireo — mba hisaron-doha izy sady tsy hilanja orona, fa ny fieboeboana ara-panahy no mialoha ny fahalavoan’ny mpino. Ny volo lava no fisaronana ho azy ireo mandritra ireo fivoriana manokana izay ampiasian’izy ireo ny fanomezam-pahasoavana ananany (1 Kor.11:5,15). Fa izany koa dia famantarana maneho ny fampiharany tanteraka ny fanetrentena sy ny fileferana amin’ny lamina ara-Baiboly ao amin’ny Fiagonana, izany dia noho ireo anjely napetraky ny Tompo ho irak’Andriamanitra (1 Kor.11:10). Ao amin’ny dikanteny voalohany dia

iray ihany ny fototry ny teny “anjely” sy “iraka”. Ka raha voasoratra hoe ny sasany nampiantrano anjely nefo tsy fantany (Heb.13:2), tsy ny anjely Gabriela izany na ny anjely Mikaela, fa mety i Paoly na i Petera izany, na mpanompon’ny Tompo hafa. Impito no voasoratra ao amin’ny Apokalypsy ny hoe: «*Soraty ho an’ny anjelin’ny Fiagonana...*» — izay hoe, ho an’ilay iraka napetrak’Andriamanitra ao. Ireo mpanompon’Andriamanitra tena-izy dia masoivohon’i Kristy (2 Kor.5:20). Ny fomba fanaporofoa’i Paoly sy ny fomba fiteniny ihany no ampiasan-drahalahy *Branham*. «*Fa tsy ny vehivavy no nihavian’ny lehilahy; fa ny lehilahy no nihavian’ny vehivavy. Fa tsy ny lehilahy no natao ho an’ny vehivavy, fa ny vehivavy no ho an’ny lehilahy. Izany no mahamety ny vehivavy hisaron-doha noho ny amin’ny anjely.*» (1 Kor. 11:8-10) [mbola miampy hoe: “**ho mariky ny fahefana eo aminy**“ ao @ ny Baiboly frantsay“]. Manantena sisa no ataontsika mba hanan-tahotra ampy ny rehetra eo anoloan’ Andriamanitra sy ny Teniny, eo anoloan’ireo Iraka alefany sy ny hafatra entin’ireo. Ny Tenin’Andriamanitra rehetra, anisan’izany ny “mariky ny fahefana eo amin’ny vehivavy“ sy izay rehetra omena antsika mikasika izany ao amin’ny Soratra Masina, dia sady masina no tsy maintsy toavina. Ny lehilahy iray izay an’Andriamanitra dia miaina ny Tenin’ Andriamanitra rehetra izay mivoaka ny vavan’Andriamanitra. Tsy maintsy vonona hanaraka ny lèlana nosoritan’ny kristianisma voalohany isika. Tsy miova amin’izany ny fiasan’ny Fanahy Masina sy ny fitarihany.

INONA NO ATAO HOE FIJANGAJANGANA?

Tsy afaka misaraka **amin’ny vadiny** ny lehilahy. Lasa mijangajanaga izy raha miditra amin’ny fanambadian’olon-kafa, izany hoe raha maka vadin’olona, izay lasa mpijangajanga ihany koa. Nataon’Andriamanitra ho zavatra masina ny fanambadiana, ary napetraka eo ambany fiarovana manokana. Anankiroa amin’ireo didy folo no mitodika manokana amin’ny lehilahy: “**Aza mijangajanga**“, “**Aza mitsiriritra ny vadiny namanao**“. Izany dia heloka mitondra voka-dratsy tokoa, toy ny fahalavoana tamin’ny fahotana. Koa izany no nandidian’Andriamanitra izao: «**Raha misy lehilahy azo mandry amim-behivavy vadiny olona, dia samy hatao maty izy roroa, na ralehilahy izay nandry tamin-dravehivavy,**

na ravehivavy koa; ka dia hofongoranao tsy ho eo amin'ny Isiraely ny fanao ratsy.» (Deot.22:22). Ny famonoana ho faty no sazin'izany heloka izany, toy ny hita ao amin'ny Lev.20:10 koa: «*Ary ny lehilahy mijangajanga amin'ny vadin'olona, dia izay mijangajanga amin'ny vadin'ny namany, hatao maty tokoa, na ny mila, na ny ilainy.*». Mikasika ny fijangajangana dia manampy koa ny mpaminany (par.169-175) fa na amin'ireo fivavahana hafa noho ny an'ny Jiosy, dia natao fady ny mikasika vadin'olon-kafa. Mbola toy izany any amin'ireo vahoaka sy foko monina an'ala, tsy mahay mamaky teny na manoratra. Rehefa nikasa hanambady an'i Saraha, izay noheveriny fa anabavin'i Abrahama, i Abimeleka izay mpanjaka jentilisa, dia niteny taminy tao amin'nynofy ny Tompo, hoe: «*Ary ankehitriny avereno ny vadin-dralehilahy, fa mpaminany izy ka hifona ho anao, dia ho velona ianao; fa raha tsy averinao izy, aoka ho fantatralo fa ho faty tokoa ianao, dia ianao mbamin'izay rehetra mety ho anao.*» (Gen. 20:7). Dia nankatò tsy nisy fisalasalana ny baikon'ny Tompo ilay mpanjaka. Solomona, ilay fantatsika fa nanana vady maro, izay nantsoin'ny mpaminany Natana hoe Jedidia, izay midika “malalan'i Jehovah“, dia miteny amintsika hoe: «*Izay mijangajanga amin'ny vehivavy dia tsy ampy saina; Izay ta-hanimba tena no manao izany. Voakapoka sy afa-baraka izy Ary tsy ho afaka amin'ny tondromolotra.*» (Ohab. 6:32-33). Nomelohin'Andriamanitra ho amin'ny fahamenarana mandrakizay ny fijangajangana, ary ireo lehilahy mangalabardin'olona dia antsoina “tsy ampy saina“. Mbola novesarin'ny Tompontsika izany raha nilaza Izy hoe: «... *izay rehetra mijery vehivavy* (vadin'olon-kafa) *hila azy dia efa nijangajanga taminy tam-pony sahady.*» (Mat. 5:28)

Nokianin'i Jaona mpanao batisa mafy i Heroda, noho izy nanambady ny vadin-drahalahiny, fanao izay noheverina ho fifanambadian'ny mpianakavy. Tsy niolakolam-piteny izy amin'ny maha-mpaminany azy, ary indrindra koa izy tsy maintsy nitory ny Tenin'Andriamanitra milaza hoe: «*Aza mandry amin'ny vadin-drahalahinao; fa nandrian'ny rahalahinao izy.*» (Lev. 18:16)

Na mitodika amin'ny Fianganan'ny andro farany aza ny rahalahy *Branham* dia tsiahiviny ireo lehilahin'Andriamaniry ny Testamenta Taloha, toa an'i Abrahama, Jakoba, sy ny hafa koa.

Hoy izy: (par.227): “Jereo Jakoba izay nipoiran’ireo patriarka. Tsy latsaky ny folo no vadiny. Mpirahavavy anankiroa nampakariny, fa mbola nanana vaditsindrano izy ankoatra ireo (vehivavy izay niara-niaina taminy ara-dalàna kanefa tsy vadiny), ary ny sasany tamin’ireo patriarka ireo dia zanaka vaditsindranony.“

Tsy nijanganjanga i Jakoba tamin’izany, fa tsy tahaka an'i Davida izay naka an'i Batseba vadin'i Oria. Rehefa avy namelabelatra izany ny rahalahy *Branham*, dia hoy fotsiny izy hoe: “Hitanareo, tsy maintsy avelanareo haneo ny heviny fotsiny ny Teny“.

MITAKY FAHAMASINANA ANDRIAMANITRA

Ao amin'ny 1 Korintiana 5, Paoly dia miresaka mikasika ny lehilahy iray izay niaraka tamin'ny vadin-drainy. Izao no fampitandremana voasoratra mikasika izany: «*Aza mandry amin'ny renikelinao; fa nandrian'ny rainao izy.*» (Lev.18:8). Tsy vitan'ny nanota fotsiny io lehilahy io, fa nametra-tena ambanin'ny ozon'Andriamanitra, satria io nataony io dia anisan'ireo zavatra roambinifolo izay Andriamanitra mihitsy no nanozona. «***Hozonina*** izay mandry amin'ny vadin-drainy, fa mandry amin'izay nandrian-drainy izy.» (Deo. 27:20). Ao amin'ny Levitikosy toko 18-19-20 indrindra indrindra, fa hita koa ao amin'ny andalana hafa ao amin'ny Soratra Masina, dia ahitana ny lisitr'ireo heloka izay manakatona ny varavarany Fanjakan'Andriamanitra, satria mifanohitra amin'ny fahamasinan'ny olombelona araka an'Andriamanitra, izay tsy maintsy ananana mba ahitana ny Tompo (Heb.12:14). anatin'io lisitra io misy ny fahalotoana, izay ahitana ny firaisan'ny lehilahy na ny vehivavy amina biby, sy ny fiarahan'ny lehilahy amin-dehilahy sy ny vehivavy amim-behivavy, toy ny voaresak'i Paoly mazava tsara ao amin'ny Romana toko voalohany: «*Aza mandry amin'ny lehilahy tahaka ny fandry amin'ny vehivavy; fa fahavetavetana izany. Ary aza mandry amin'ny biby handoto ny tenanao aminy; ary aoka tsy hisy vehivavy hety handrian'ny biby; fa*

zavatra fady indrindra izany.» (Lev.18:22-23). «*Izany no nanoloran'Andriamanitra azy ho amin'ny filan-dratsy mahavoafady; fa ny vehivavy tao aminy nanova ny fanaony ho amin'izay tsy fanaony; ary tahaka izany koa ny lehilahy, fa namela ny fanao amin'ny vehivavy izy ka maimay tamin'ny fifampilany samy lehilahy nifanao izay mahamenatra, dia nandray tao amin'ny tenany ny valiny izay tokony ho azy noho ny fiviliany.» (Rom.1:26-27). «*Ary toy izany koa, Sodoma sy Gomora mbamin'ny tanàna nanodidina azy, izay nijangajanga tahaka azy koa ka lasa nanaraka nofo hafa, dia aseho ho fananarana amin'ny iaretany fijaliana amin'ny afo maharitra mandrakizay.» (Joda 7). Toy ny efa nolazain'ny Tompontsika mialoha, dia ho toy ny tamin'ny andron'i Sodoma sy Gomora, amin'ny andro farany, haseho ara-dalàna ho toy ny zavatra diso ireo zavatra marina, ary ireo diso kosa haseho ho marina: hamasinim-panambadiana any am-piangonana ny samy lehilahy, ary tsofindrano any koa ireo samy vehivavy miaraka. Anaovan'ireo haino-aman-jery dokam-barotra ery ireny zavatra ireny, ary tsy manan-toerana sy hasina eo amin'ny fiarahamonina intsony ny fanambadiana araka ny nametrahan'Andriamanitra azy, sy ny fianakaviana koa vokatr'izany. Koa dia savoritaka tanteraka no mitoetra amin'ireo andro farany, “Edenan'i Satana“ iray araka ny voalazan-drahalahy *Branham*. Tsy misy afa-tsy ireo tena mpino no ho afaka amin'izany fanahin'izao andro izao, ary hankatò ny Tenin'Andriamanitra rehetra amin'ny lafim-piainana rehetra, eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina.**

Izao no voasoratra ao amin'ny 1 Korintiana 6:9-10: «*Moa tsy fantatrareo va fa ny olona tsy marina tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra? Aza mety hofitahina ianareo: fa ny mpijangajanga sy ny mpanompo sampy sy ny mpaka vadın'olona sy ny sodomita sy ny mpangalatra sy ny mpierina sy ny mpimamo sy ny mpanaratsy ary ny mpanao an-keriny dia tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra.».* Lava io lisitr'ireo tsy-handova ny Fanjakan'Andriamanitra io, toy ny voasoratra rahateo amin'ny andalana maro ao amin'ny Soratra masina. Koa tsy tokony ianona amin'izay voaresakay manokana eto fotsiny ny tsirairay, fa tokony hijery ny lisitra manontolo an'ireo fahotana ireo, ka rehefa mamaky izany dia mitsara-tena

an-kitsimpo, toy ny mijery ny fitaratry ny Teny. Izao no lazain'ny Tompo: «*Dia manamasina ny tenanareo ianareo, ka aoka ho masina ianareo; fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. Ary tandremo ny didiko, ka araho izany: Izaho no Jehovah, Izay manamasina anareo.*» (Lev.20:7-8; 1Pet. 1:13-19). Raha niteny ny Tompontsika tao amin'ny vavaka fisoronana izay nataony, hoe: «*Manamasina azy amin'ny fahamarinana; ny Teninao no fahamarinana.*» (Jaona 17:17), dia nisaina ity teny izay dinihintsika eto ity koa Izy, teny izay nomena antsika mba hitarika antsika mandritra ny fiainantsika eto amin'ny tany.

NY FANAMBADIANA

Fanambadiana mirindra tsara no nokasain'Andriamanitra ho an'ny olombelona. Raha tiantsika hisy firindrana ao amin'ny fianan-tokantrano, alohan'ny fanambadiana, dia tsy maintsy mitoetra tsara ireo fepetra ara-Baiboly. Amin'ireo tovolahy tsy mbola manambady no anoratan'i Paoly ireo toro-làlana izay omeny “avy amin'Andriamanitra”: «*Fa izao no sitrapon'Andriamanitra, dia ny hanamasinana anareo, hifadianareo ny fijangajangana, mba samy hahafantatra izay hahazoanareo ny fanaky ny tenanareo avy, amin'ny fahamasinana sy ny voninahitra, tsy amin'ny filàna fotsiny, tahaka ny jentilisa izay tsy mahalala an'Andriamanitra, mba tsy hisy hanao saina hifetsy ny rahalahiny amin'ny raharaha; fa ny Tompo no mpamaly ny amin'izany zavatra rehetra izany, toy ny nolazainay sy nambaranay taminareo rahateo. Fa Andriamanitra tsy niantso antsika ho amin'ny fahalotoana, fa amin'ny fahamasinana. Koa izay mandà, dia tsy olona no laviny, fa Andriamanitra, Izay manome anareo ny Fanahiny Masina.*» (1 Tes.4:3-8). Rehefa avy nanome teny mazava tsara ny Tompo mikasika ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana, ary ny fanambadiana-indray, dia izao no vakintsika: «*Dia hoy ny mpianatra taminy: Raha izany no toetry ny lehilahy amin'ny vadiny, dia aleo tsy manambady. Fa hoy Izy taminy: Tsy ny olona rehetra no mahay mandray izany teny izany, fa izay nomena ihany; fa misy ionoka, izay teraka ionoka hatrany an-kibon-dreniny; ary misy ionoka, izay nataon'ny olona ionoka; ary misy ionoka, izay nanao ny tenany ionoka noho ny Fanjakan'ny lanitra....*» (Matio 19:10-12). Raha tsy misy mahakasika ny tovolahy iray

ireo fepetra telo ireo, dia tsy maintsy mandray andraikitra ny amin'ny fiainany izy, ka maka anabavy iray ao amin'i Kristy izay mitovy saina aminy. Raha tsy mahita atao vady ireo rahalahy tanora ireo, na ela na aingana, dia tsy maintsy teren'ny zavamisy hanana filàna ara-nofo. Fantatr'Andriamanitra tsara ny antony namoronany ny fanambadiana. Noho izany no isian'ny soratra hoe: «*Nefa raha tsy maharitra izy, dia aoka hanam-bady ihany; fa tsara ny manam-bady noho ny ho maimay.*» (1 Kor. 7:9). Ny rahalahy Branham mihitsy, tao anatin'ny toriteniny, no nilaza tamin'ireo rahalahy tanora tojo izany fanapahan-kevitra izany, hoe: “Raha tsy efa tsapanao fa tsy afaka miaina ianao raha tsy misy azy, hany ka satrinao ho anatinao izy, amin'izany ihany no ahafantaranao fa izy no mety ho anao.“ Mampatsiah y ah y ireo toko valo an’ny Tonon-kiran’i Solomona, izay milaza ny amin’ny Mpampakatra sy Ampakarina izany. Amin’ireto teny ireto no anehoany ny faniriana lalina te-ho tafaray: «*Ataovy toy ny fanombohan-kase ao am-ponao aho sy toy ny fanombohan-kase eo antsandrinao; Fa mahery toy ny fahafatesana ny fitiavana, masiaka tahaka ny fiainan-tsi-hita ny fahasaro-piaro; Ny lelafony dia lelafo midedadeda, eny, lelafon'i Jehovah. Na dia ny ony maro aza tsy mahavono ny afon'ny fitiavana, ary ny renirano tsy mahapaoka azy; Na dia misy olona manome ny fananany rehetra ao an-tranony aza hamidy fitiavana, dia hatao tsinontsinona izy.*» (Tononkira.8:6-7)

Ny tovovavy koa dia tokony hahay hiandry mandra-pihavian'ilay lehilahy marina mety hizarany ny fiainany manontolo — mazava hoazy anefa fa tsy hiandry mandra-pahalasa ny fahatanorany izy (1 Kor.7:36). Tsy tokony ho voasarika hanandrankandrana izy, fa kosa hitandrina ny maha-virijina azy ho ao amin’ny fanambadiana, zavatra izay hisaoran’ny vadiny azy mandrapahafaty. Mety ho efa lany andro izany amin’ny sasany, saingy fiainana iray manontolo feno hasambarana no ho valisoan’izany. Hatr’izao andro iainantsika izao, ny nahazatra dia ny itoeran’ny ankizivavy ao amin’ny ray-aman-dreniny mandra-panambadiany, hanorenany tokantranony. Kanefa ny firehana ankehiriny dia ny mandao faingana indrindra ny tranon-drav-aman-dreny mba tsy hiankinana aminy, ahafahana mizaka-tena, manapa-kevitra samirery ny amin’ny fiainany, ary hanana fahaleovantena, izay tsy voatery hisarana amin’ny fanambadiana. Dia

mipetraka ny fanontaniana hoe: ny tovovavy toy izany ve any aoriana, rehefa manambady, ho mety hofehezin'ny vadiny araka ny voalazan'ny Baiboly, ka banana fiainan-tokantrano mirindra? Tsy tokony hahamaika loatra ny hanambady, satria fanapahan-kevitra iankinan'ny fiainana manontolo izany. Tokony hiresaka mazava tsara mialoha izy roa, mba hisian'ny firaisan-tsaina marina ny amin'ireo zavatra mikasika ny finoana. Tsy maintsy toy ny voalazan'ny Tompo-Andriamanitra izany, hoe: «... *dia hanaovako vady sahaza ho azy izy.*» (Gen.2:18). Raha izany no mipetraka vao azo antoka fa Andriamanitra no nanambatra ireo olona roa mba hiaraka hiaina mandra-pahafatiny.

Mbola misy zavatra hafa ho tenenina Andriamanitra amin'ny lehilahy: «*Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny Fiagonana ka nanolorany ny tenany hamony Azy.*» (Efes.5:25). «*Ary toy izany koa, ianareo lehilahy, miaraha mitoetra aminy araka ny marina, manaja ny vavy, tahaka ny mety hatao amin'ny fanaka malemilemy ...*» (1 Pet.3:7a). Matetika ny lehilahy mirona amin'ny tsy-rariny, ka izany no hanentanana azy ireo, araka ny marina, **hanaja ny vadiny**, fa tsy hanao azy ireny ho toy ny famafan-tongotra, na mpiasa an-trano. Ireo vehivavy kosa tokony haneho toetra malefaka sy milamina izay mahataona ny vadiny aminy (1 Pet.3:1). Na eto ambony tany aza, ny vehivavy iray dia afaka mamorona, ao an-tokantranony, manodidina iray miendrika any andanitra, izayahasambatra ny vady aman-janany. Fa raha tsy mitandrina izy, ka ho tanteraka aminy ny voalazan'ny Baiboly mikasika ny vehivavy iray izay tia ady, dia izy ihany no hahatonga helo ny tokantranony ary hahasimba ny fanambadiany sy ny ankohonany.

Manazava tsara ny apostoly hoe: «*Aoka ny lahy hanao izay mety hatao amin'ny vavy; ary mba toy izany koa ny vavy amin'ny lahy. Ny vavy tsy manam-pahefana amin'ny tenany, fa ny lahy; ary mba toy izany koa ny lahy tsy manam-pahefana amin'ny tenany, fa ny vavy.*» (1 Kor. 7:4). Toy izany no nandaminan'Andriamanitra ny “fitoviana“ ao an-tokantrano, amin'ny fomba mirindra, firaiana am-po izay tanteraka ao amin'ny vatana, toy ny voalazany, Izy mihitsy, hoe «... *dia ho nofo iray ihany izy roroa.*» (Mat.19:5). Amin'io lalàna fototra mikasika ny fanambadiana io, dia mbola manampy i Paoly hoe: «*Aza misara-pandriana ianareo, raha tsy*

amin'izay andro sasany ifanekenareo ho andro hivavahana, nef a mbola hiraisanareo fandriana indray, mba tsy hakan'i Satana fanahy anareo noho ny tsi-faharetanareo.» (1 Kor.7:5). Loza ho an'ny lehilahy na vehivavy efa manambady izay, tampotampoka eo, tsy manaiky ny vadiny! Ireo tsy manam-bady dia manam-pahefana amin'ny vatany, fa ireo efa manam-bady tsy manam-pahefana amin'ny vatany; izany no ambaran'ny teny vao novakintsika. Tsy misy fomba hanorenana fanambadiana sady ao amin'ny fitiavana arak'Andriamanitra no ao amin'ny fitiavana araka ny fombantany, afa-tsy raha tena ampiharin'ny roa tonta ireo teny ireo.

Raha ny iray, na ny lahy na ny vavy, **misitanka kanefa tsy nifampieran'izy roa ary mandritra ny fotoana voafetra**, dia fandikana miharihary ny Teny izany, ary fandavana ny vadiny. Raha misy mihevitra, na maro aza ny antony tanisainy, fa afaka tsy hiaraka amin'ny vadiny izy, dia miangavy azy izahay eto handinika ny Soratra Masina. Tsy misy olona hitombo fahamasinana na ho sitrama aretina rehefa miala ny vadiny, lavitr'izany, manohitra ny fitsipika napetraky ny Soratra Masina ho an'ny mpivady izy. Tsy mba misy maloto, na azo kianina, ao amin'ny fiainan'ny mpivady. Tsy afaka manao izay tiany atao ny tsirairay amin'ny mpivady. Tsy maintsy ifanarahana no anaovana ny zavatra rehetra. Ny fahasoavana ao amin'ny fiainan'ny mpivady dia midika ihany koa tsifihorarana ireo fetra voafaritry ny Teny.

Tao amin'ny saha Edena dia efa niteny sahady tamin'ny vehivavy Jehovah-Tompo hoe: «...ary ny vadinao no hianteheran'ny fanirianao, ka izy no hanapaka anao.» (Gen. 3:16). Ho an'ny lehilahy dia tsy ilàna fitenenana manokana, noho izy efa nampitaovina hay-ho-azy ny amin'ny fahazoan-taranaka. Izany no ilazana fa natao ho an'ny lehilahy ny vehivavy. Nomena azy ny fiombonana ao amin'ny fanambadiana mba ho valisoa noho ny harerahany isan'andro. Izao no voasoratra ao amin'ny Mpitoriteny 9:9, mikasika izany: «*Miravoravao amin'ny vady malalanao amin'ny andronao rehetra mandalo foana, izay efa nomeny anao aty ambanin'ny masoandro, dia ny andronao rehetra mandalo foana; fa izany no anjaranao amin'ny andro iainanao sy amin'ny fisasarana izay isasaranao aty ambanin'ny masoandro.»* (Mpit.9:9)

Ankoatra izany, ny apostoly dia manoratra izao, ho an'ireo izay maka andraikitra manokana hanambady, hoe: «... *Kanefa kosa hanam-pahorianana amin'ny nofo ireny; ...*» (1 Kor.7:28b). Izany no izy, kanefa tsy lehibe noho Ilay manampy antsika ireo fahorianana ireo! «*Fa izay manam-bady kosa miah y ny an'izao fiainana izao mba hahafaly ny vavy.* Ary tsy mitovy koa ny vehivavy manam-bady sy ny virijina. Ny vehivavy tsy manam-bady mitandrina ny an'ny Tompo, mba ho samy masina avokoa ny tenany sy ny fanahiny; fa izay manam-bady kosa dia mitandrina ny an'izao fiainana izao mba hahafaly ny lahy.» (1 Kor.7:34). Ny olona iray izay miditra amin'ny fanambadiana dia mahalala tsara fa ireo lèlana narahin'ny roa tonta taloha dia hitambatra ho lèlana tokana izay hiarahana mamindra. Ny zavatra rehetra ilaina amin'ny fiainana dia tsy maintsy voaomana ho an'olon-droa: ny efitrano fandraisam-bahiny, ny efitra fatoriana... Tsy mahazo miolonolona ao amin'ny fanambadiana, tsy misy fiainana manokana ho an'ny tsirairay.

Anatra tsara indrindra no omen'i Petera apostoly ho an'ireo vehivavy izay manana vady mbola tsy niova-fo: «*Ary toy izany koa, ianareo vehivavy, maneke ny vadinareo, mba ho voataonan'ny fitondran-tenan'ny vavy izy, na dia tsy amin'ny teny aza (raha tähiny misy tsy manaiky ny teny), rehefa hitany ny fahadiovan'ny fitondran-tenanareo amin'ny fahatahorana.*» (1 Pet.3:1-2). Araka izany, tsy amin'ny alàlan'ny fifandirana, na fanakianana, na fibedesana no andresen-dahatra, fa tena amin'ny alàlan'ny fitondrantena andavanandro, araka ny voalazan'ny Soratra Masina eto.

FISARAHANA — ENY SA TSIA?

Efa nodinihin'i Paoly apostoly koa — (1 Kor.7:12-16) — ny tranga raha ny iray tsy mpino amin'ny mpivady no misaraka: «*Fa raha ny tsy mino no miala, aoka hiala izy. Na rahalahy na anabavy dia tsy voafehy amin'izany; fa Andriamanitra efa niantso antsika amin'ny fihavanana.*» (1 Kor.7:15). Izany tranga izany dia tsy “mahafatotra” mandra-maty, na ny rahalahy, na ny anabavy sendra izany. Mety misy fandraisana fanapahankevitra diso ao amin'ny fiainana, na eo amin'ny mpino aza, ary mety

hitranga izany ao amin'ny fanambadiana. Koa, amin'ireo izay tojo izany, moa ve tokony atao toy ny boka izy ireo, izay efa miharitra fahorianana noho izany? Efa ampy azy ireo ny enta-mavesatra izay tsy maintsy entiny mandra-pahafatiny. Kanefa, raha ilay tsy mpino no misaraka, dia afaka ilay mpino, na lahy, na vavy. Tsy voasoratra ao amin'ny Baiboly hoe “...**mandra-pahafaty anareo**“. Fa izao indrindra no voasoratra: «...*Koa amin'izany, izay nampiraisin'Andriamanitra dia aoka tsy hampisarahin'olona.*» (Matio 19:6). Tena misy fanambadiana izay miharihary fa tsy nampiraisin'Andriamanitra. Izany no antony anaovana tsindrimpeo amin'ny “*izay nampiraisin'Andriamanitra*“, satria izay atao' Andriamanitra dia vita tsara mandrakizay! Ilay Andriamanitra namela ny hanomezana taratasy fisaoram-bady noho ny antony marim-pototra — «*Raha misy lehilahy maka vady ka mampakatra azy, ary tsy tiany intsony ravehivavy noho ny ahitany fahalotoana eo aminy, dia aoka hanoratra taratasy fisaoram-bady ho an-dravehivavy Izy ary hanolotra izany eo antanany ka hampiala azy ao an-tranony.*» (Deo.24:1) — io Andriamanitra io ihany no milaza hoe: «*Fa halako ny fisaoram-bady, hoy Jehovah, Andriamantry ny Isirael, sy ny fanosenana fampahorianana amin'ny fitafiany, hoy Jehovah, Tompon'ny maro...*» (Mal. 2:16)

Ny fisaraham-panambadiana tsy misy antony marim-pototra dia heverin'ny Soratra masina ho herisetra atao'ilay misaraka amin'ny vadiny. Ao amin'ny toriteniny teo an-tendrombohitra, ny Tompontsika dia nampahatsiahy io tenin'ny Deotoronomia 24:1 io: «*Na zovy na zovy no misaotra ny vadiny, dia aoka izy hanome an-dravehivavy taratasy fisaoram-bady.*». Kanefa, tohizany hoe: «*Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Izay rehetra misaotra ny vadiny afa-tsy noho ny fijangajangana ihany dia mampijangajanga azy; ary na zovy na zovy no manambady izay voasaotra, dia mijangajanga.*» (Mat. 5:31-32). Miaro ny vehivavy voasaotra tsy amin'antony ara-Baiboly Andriamanitra, ary hampamoahany amin'izany ilay nisaotra azy. Raha manambady indray io vehivavy io, dia manameloka azy ny olona noho ny fampianaran-diso azon'izy ireo. Kanefa tsy an'azy ny fahadisoana amin'io tranga io, fa tena an'ilay vadiny voalohany izay nahatonga azy, tsy nampoiziny, nanambady fanindroany. Manao ny marina Andriamanitra, ary ampamoahany mandrakariva ilay

diso, dia ilay vady taloha amin'ity tranga ity. Marina Andriamanitra ao amin'ireo Teniny, ary masina Izy amin'ny rehetra ataony. Ny fisarahana tsy marim-pototra, fisaraham-panambadiana, dia herisetra manohitra ny fanavotana sy ny famelan-keloka, satria ny Hazofijaliana sy ny fihavanana mihitsy no tsipahina amin'izany. Tafaverina indray ny fandrafiana izay notononin'Andriamanitra tao amin'ny saha Edena, taorian'ilay fisarahana mahery vaika, izay nasintaky ny Hazofijalian'i Golgota, ary izany dia mitarika fiampangana hafa vaovao. Ny zavatra efa mitoetra mandrakizay ho antsika rehetra izay navotana dia ny fahadisoantsika sy helotsika dia efa napetraka eo amin'ny Zanak'ondrin'Andriamanitra. Afaka isika, ary mihavana amin'Andriamanitra. Fa ny tsifihavanana sy ny fiampangana kosa dia manambara ny toetry ny olombelona taorian'ny fahalavoana. Ao amin'ireo navotana sy ireo vita fihavanana amin'Andriamanitra dia tsy misy, na kely aza, fandrafiana, izay matetika na ny fahafatesana aza tsy maharava azy. Tena ho fifanoheran-javatra raha hisy izany. Ny olona iray izay tsy mety hamela heloka ny hafa, mitsipaka ny fampihavanana, dia tsy mila mangataka famelan-keloka amin' Andriamanitra, satria Andriamanitra rahateo tsy hamela heloka azy koa.

«*Ary raha mitsangana mivavaka ianareo, ka misy olona anananareo alahelo, dia mamelà ny helony, mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo. Fa raha ianareo tsy mamela heloka, ny Rainareo Izay any an-danitra kosa tsy hamela ny helokareo»* (Marka 11:25-26)

Ao amin'ny Jaona toko faha-8, nitondra vehivavy iray tratra nijangajanga teo anoloan'i Jesosy ireo fariseo sy mpanora-dalàna. Araka ny lalàn'i Mosesy, hoy izy ireo, dia tsy maitsy «...hotoraham-bato izay vehivavy manao toy izany; fa ahoana kosa hoy Ianao?» Niondrika Jesosy ary nanoratra teo amin'ny fasika tamin'ny rantsan-tànany, raha mbola nanohy nametraka io fanontaniana io ireo filoham-pivavahana ireo. Farany nitraka Izy, ary niteny taminy hoe: «*Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany.*» Dia niondrika indray Izy, nanohy nanoratra tamin'ny fasika. Rehefa nitraka indray Izy, dia efa lasa avokoa ny rehetra, (afa-tsý ilay vehivavy); «... dia hoy Izy taminy; Ravehivavy, aiza ireny? Tsy nisy nanameloka anao va? Ary hoy izy: Tsy misy, Tompoko. Dia hoy

Jesosy: Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony.» (Jaona 8:10-11). Raha ny mpinon'izao androntsika izao mba nanana ny famendrehana nananan'ireo fariseo sy mpanora-dalàna jamba ireo, dia ho afaka nahita **izay natokana ho azy ary nosoratan'ny Tompo ho azy ireo ao amin'ny Baiboly**. Ho menatra izy ireo, ka tsy hiampangapanga intsony ny hafa. Tsy misy marina eo anatrehan'ny Tompo Jesosy; efa nanota ny rehetra, efa nandika ireo didy, efa samy nanota ny rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra.

Mandrakariva ireny olona tsy nibebaka ireny no fatra-pitaky amin'ny hafa ny fibebahana sy ny fietren-tena; tsy fantany fa ny Fanahin'Andriamanitra irery ihany no mitarika ny olona amin'ny fibebahana, ary anatin'izany izy. Ny olona toy ireny dia tsy mahafantatra akory ilay "Rainay-izay-any-an-danitra", ary tsy mihevitra velively ny hampihatra ny vavaka hoe: "...mamelà ny helokay **tahaka ny namelanay izay meloka taminay**" (Mat.6:12). Izao no tsy maintsy jerena amin'ny tranga tsirairay: ilay iray mitsipaka ny fanavotana dia mirafy amin'ny vadiny, manala-baraka azy, ary manendrikendrika azy fatratra. Andriamanitra dia Andriamaniry ny fiadanana, ary manome fiadanana Izy mandrakariva. Ny fahavalо kosa, izy, dia mampahory ireo fo tsisy fiadanana, ary manome fangidiana. Dia lasa fasana misokatra ny vavan'izy ireo, ary poizin'ny menarana no eo ambanin'ny molony (Rom.3:10-18 sy ny hafa). Famantarana ireo olona izay voarambin'ny fahavalо ireo. Mandrakariva, ny olona toy ireny izay tsy manaiky fampihavanana, dia manana fanambarana diso ka tsy hay andaharana, satria ilay mpiampanga mihitsy no miteny amin'ny alàlany. Ambanin'ny tsindrimandry diso izy, voafitaka, ka tsy afaka manampy ny tenany, ary tsy mihevitra hiantso vonjy amin'ny Tompo akory, satria mihevi-tena ho manana ny marina izy, dia mikiribiby amin'ny fahamarinany manokana.

Ny fitiavan'Andriamanitra no fototry ny famelan-keloka sy ny fampihavanana. Ny tsy fampiam-pitiavana sy ny tsifihavanana kosa no iorenan'ny fifandirana sy ny fiavonavonana. Mipetraka hatrany ny fanontaniana, hoe: inona no tanjona miafina an-damosin'ireo teny sy fihetsiky ny olona mitondra ampahibemaso ny olana? Ho fanoherana ny

Tenin'Andriamanitra ve izany? — Raha izany, dia mazava fa efa natombok'i Satana ny asa fandravany.

Voakasik'izany indrindra ny Fianganan'i Korinto, ary tonga taminy ny "Izao no lazain'ny Tompo": «*Ary ny manam-bady dia didiako, nefà tsy izaho, fa ny Tompo*: *Aoka tsy hiala amin'ny lahy ny vavy, nefà raha misy efa niala, dia aoka hitoetra tsy manam-bady, na aoka hody amin'ny lahy; ary ny lahy aoka tsy hiala amin'ny vavy.*» (1 Kor. 7:10-11). Baiko ho an'izy roa mpivady izany; tsy sosokevitra, fa tena "Izao no lazain'ny Tompo". Raha ny vavy no nitsipaka izany baiko izany, ka nisaraka, dia tsy maintsy mijanona irery izy, na miverina amin'ny vadiny. Fa raha ny lahy kosa no nanao izany, dia hampamoahana azy izany. Meloka eo anatrehan'Andriamanitra ny lehilahy iray izay nisaraka tamin'ny vadiny mba hanambady vehivavy hafa, kanefa tsy misy antony ara-Baiboly.

Navoitran-drahalahy *Branham* koa fa tsy mitovy ny fipetraky ny lahy sy ny vavy raha ny fisarahana no jerena.

Hoy izy (Par. 189): "Mariho fa ao amin'ny 1 Korintiana 7:11, dia mibaiko i Paoly mba hitoetra irery ny vehivavy izay nisaraka tamin'ny vadiny, na miverina amin'ny vadiny, fa tsy mahazo manambady fanindroany. Tsy maintsy mijanona irery izy na miverina any amin'ny vadiny. Tsy mahazo manambady indray izy, tsy maintsy mijanona irery izy, na miverina amin'ny vadiny. Mariho anefa fa tsy mba voalaza izany ho an'ny lehilahy. Hitanareo? Tsy afaka mampandainga ny Teny ianareo. Taorian'ny fiandohana, ny lalàn'ny firaisansa ara-nofo dia ny fampirafesana."

Raha niresaka ny fampirafesana ny rahalahy *Branham*, tsy tao antsainy fa ny lehilahy dia tokony banana *harem [vehivavy maro]*. Tsia velively! Ny tiany haseho fotsiny dia, raha misy ny fisarahana, mbola afaka manambady indray ny lehilahy, indrindra raha avy tamin'ny vavy no nahatonga ny fisarahana. N'aiza n'aiza ao amin'ny Baiboly, dia tsy hita mihatra amin'ny lehilahy ny teny "nisaorana", satria na oviana na oviana Andriamanitra tsy namela ny vehivavy hanome taratasy fisaoram-bady ny lahy. Ary tamin'ny Sitrapony-mandefittra no namelany ny lehilahy hanao

izany, noho ny hamafin'ny fon'ny olombelona, fa ny vehivavy kosa tsy mba navelany hanao izany.

Izao no voalazany (Par.198-199): "...Kanefa tsy maintsy ho fehezina ny resaka mikasika io fanambadiana sy fisaraham-panabadiana io, mba ahaizanareo izay marina sy izay diso... Ny lehilahy afaka misaotra ny vadiny ka mampakatra hafa, fa ny vehivavy tsy afaka misaotra ny vadiny ary manambady hafa. Hitanareo fa ireo aloka sy tandindona rehetra dia mitombina tsara avokoa?"

Tsy maintsy milefitra amin'ny sitrapon'Andriamanitra isika, fa tsy vitan'ny miresaka izany fotsiny. Misy ny sitrapon'Andriamanitra mandefittra, fa misy ihany koa ny tena sitrapon'Andriamanitra izay tsara, mahafinaritra, ary tanteraka (Rom.12). Raha miala amin'ny vehivavy iray ny fitiavany ny vadiny, ka mandà azy amin'ny maha-vadiny azy izy, sady mandresy lahatra azy amin'ny hoe 'tsy fisarahana izany fa fisintahana fotsiny', dia voafitaka izany vehivavy izany ary efa tsy mahazo honondraha intsony. Ny didim-pitsaran'ny fisaraham-panambadiana dia tsy hafa fa filazana fotsiny ny maha ara-dalàna ny fisarahana izay efa vita taloha. Koa, raha ny vehivavy iray izay tsy manana zo handà ny vadiny, no manao izany, mandrava ny fanambadiana, ary mando ny tokantrano, dia lasa faran'ny meloka indrindra izy eo imason'Andriamanitra. Ny fanaovany izany mantsy dia maneho fa manome fahefana ny tenany izy, ary ampihariny amin'ny vadiny izany. Mety hiteny izy hoe: "Nasehoko azy tamin'izany ny zavatra!". Fa Andriamanitra kosa mampiseho azy zavatra hafa. Mitovy tsisy valaka amin'izany raha ny iray amin'ny mpivady mandroaka ny iray hiala ny tokantrano, sady manevateva azy imason'ny ankizy. Tsy maintsy mihevitra hifanara-tsaina sy hiray feo koa ny mpivady mikasika ny fitaizana ireo zanany; raha-tsy izany, dia hisy fiandaniana ao amin'ny ankohonana. Tsy azo ampidirina anatin'ny fifandiran'ny mpivady ny ankizy. Satria ny ankizy ihany amin'ny farany no ho lasa sorona sy hijaly raha misy fisarahan'ny mpivady. Tokony ho fantatry ny rehetra fa tsy mahavaha olana ny fisaraham-panambadiana; ny mifanohitra amin'izany aza, raha vao mipetraka fotsiny ny fangatahana fisarahana dia manomboka tonga ao amin'ny ankohonana manontolo ny fahasahiranana. Tsy mba ho voafitaky ny devoly ireo "olom-boafidy", ka tsy mba hanao ho marina ny

fihetsika toy izany, ary tsy mba hirona velively amin'izany, izay fanaovana tsinontsinona an'Andriamanitra sy ny Teniny. Fa izy ireo, na manao ahoana, dia tsy hanao afa-tsy ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka, ka miaina ny fampandrosoana sy ny fahatanterahan'ny asan'Andriamanitra ao aminy. Ho an'ireo "voantso" kosa ny sitrapon'Andriamanitra mandefitra dia mety ho hitany ampy. Ary ho an'ilay manohitra ny Tenin'Andriamanitra, izy dia sady tsy voantso no tsy voafidy, koa indroa voafitaka izy. Niaiky ny rahalahy *Branham* fa amin'ity raharaha tena sarotra ity, dia nilaina ny nisian'ny fanambarana, ary tonga izany taorian'ny fanokafana ireo Tombokase fito.

Hoy izy (Par.192): "Fa rehefa voasokatra ankehitriny ireo Tombokase, ny Fanahin'ny Fahamarinana dia mamerina antsika ao amin'ny Teny. Izany no manazava ny nisian'ireo fahadisoana rehetra nandritra ireo vanim-potoana lasa rehetra; satria mbola tsy nosokafana ireo Tombokase. Tsy nisy zavatra voambara. Marina izany."

Na zovy mihambo ho efa nahalala sy nahazo tsara ny zavatra rehetra hattrizay dia tsy mbola nahafantatra tsara izy, ary lavitra azy ny nahazo ny zavatra rehetra. Anivon'ireo mpinon'ny "Hafatry ny andro farany" ihany koa dia mbola misy ny masirasira izay "toa masina", ary mbola ahitana toy izany koa ny fampiharana ireo fomba nolovan'ny fiangonana.

OHATRA IRAY ARA-BAIBOLY HO FANENTANANA

Nanoratra teo ambany tsindrimandrin'ny Fanahy ny apostoly hoe: «*Fa tahaka ny aneken'ny fiangonana an'i Kristy no haneken'ny vavy ny lahy koa amin'ny zavatra rehetra.*» (Efes. 5:24). Tsy misy fanavahana toy ny amin'ny Fiangonana koa ny amin'ny vehivavy. Fa ny misy angamba dia fialan-tsiny, kanefa ny manao izany dia sady mamita-tena no mety mamilaka ny hafa koa. Tsy mihonjona amin'ireo Didiny sy Fanapahankeviny Andriamanitra. Mbola nampian-drahalahy *Branham* ho antsika koa ny fampitahana iray izay nalainy lavitra tany amin'ny fahagolan-tany, ka mampisongadina ny fankatoavana andidiana ny vehivavy.

Hoy izy (Par. 210): "Tsaroanareo ao amin'ny Baiboly fa nampakatra an'i Estera ny mpanjaka satria nandà azy ny mpanjakavavy. Dia

nampakatra hafa fotsiny izy. Inona no nitranga rehefa tsy nankatò Ramatoa, fa nandà ny hiseho niaraka tamin'ny mpanjaka? Dia toy izany ihany amin'ny vehivavy iray izay mandà ny ho vadin'ny vadiny.“

Teny mafy izany, iza no afaka hihaino izany? — Tsy maintsy mandamina ny Fiagonana-Ampakarina Andriamanitra, ary izany dia mialoha ny fampakarana. Tsy ahoany izay alehan'ireo hafa, ireo rahateo na manao ahoana tsy hihaino Azy. Lavitr'izany kosa, ireo izay Azy dia milahatra amin'ireo Teniny rehetra, ary miaina araka izay lazain'ireo. Manontany isika hoe: inona no ifandraisantsika amin'ny tantaran'i Ahasoerosy mpanjakan'i Persia sy Vasty vadiny? — Miharihary fa tsy ny rahalahy *Branham* samirery no ho nanovo izany, fa ny Tompo no nitaona azy tamin'io ohatra io. Ary mbola mitoetra fa ny Soratra Masina rehetra dia nomen'ny Fanahin'Andriamanitra ho fananarana antsika.

Nanomana sakafo nanasana olona ny mpanjaka, ary ny mpanjakavavy koa an-kilany nanomana sakafo nanasany vehivavy tao andapan'ny mpanjaka (Est.1). Naniraka lehilahy fito ny mpanjaka niantso ny mpanjakavavy, saingy nandà ny fiantsoana izy. Nefa raha nanao izany izy dia ny fiaiany manokana no nampitandominy loza (and.10-12). Teo no ho eo dia navory ny komitin'ny mpanjaka — raha ao amin'ny Fiagonan'ny Tompo dia ho ireo loholona — mba hanapaka izay hatao amin'io vehivavy tsy mankatò ny vadiny io ka manala-baraka azy ampahibemaso, ny vadiny izay lehilahy voalohany ara-pitondrana ao amin'ny fanjakambe. Ireto andininy manaraka ireto no manazava ny anton'izany: «*fa hiely any amin'ny vehivavy rehetra izao zavatra nataon'ny vadin'ny mpanjaka izao, ka hanaovany ny vadiny ho tsinontsinona eo imasonry, fa samy hanao hoe: Ahasoerosy mpanjakaaza nandidy an'i Vasty vadiny ho entina eo anatrehany, nefat sy nety izy.*» (Estera 1:17)

Ny fiasaran'ny tantara izay nampatsiahivina an-drahalahy *Branham*, dia nesorina mandrakizay tamin'ny mpanjakavavy ny haja amimboninahitra nananany. Ninja nanohitra ny lahatr'Andriamanitra izy, ka tsy azo nekena izany, ary tsy nahazo nanatona ny mpanjaka intsony izy hatreo. Misy tsifankatoavana, iniana ataon'ny vehivavy amin'ny vadiny izay tsy mety leferina. Fetra napetrak'Andriamanitra no ihoarana an-kitsirano. Raha najanona teo ny raharaha, dia ho nataon'ireo vehivavy rehetra ho

tsinontsinona tahaka an'io ihany avokoa ny vadin'izy ireo. Izany no voasoratra. Vasty, izay olona nalaza, dia tokony ho modelin'ny vehivavy rehetra, amin'ny maha-vehivavy voalohany azy. Koa ny toerany dia omena «*ho an'izay vehivavy hafa tsara noho izy*». Izany no tantaraina amintsika.

Ny tsifankatoavana iniana atao dia tsy misy hafa amin'ny fahotan'ny fankatovana amin'ny lafiny rehetra. Tsy zavatra tsotra tahaka ny heverin'ny maro izany, araka ny Tenin'Andriamanitra izay mitoetra mandrakizay. «*Ary raha torina eran'ny fanjakany rehetra (fa lehibe izany) ny lalàn'ny mpanjaka izay hataony, dia samy hanome voninahitra ny vadiny avy ny vehivavy rehetra, na lehibe na kely. Dia sitraky ny mpanjaka sy ny mpanapaka izany teny izany; ka dia nanao araka ny tenin'i Memokana ny mpanjaka, ka nampitonandra taratasy izy ho any amin'ny isantokony amin'ny fanjakan'ny mpanjaka, dia isan-tokony araka ny sorany avy, ary isam-pirenena araka ny fiteniny avy, mba hahatapaka ny ao an-tranony avy ny lehilahy rehetra, ...» (Est.1:20-22). Taorian'izany dia nitadiavana virjiny tsara tarehy tamin'ny tovovavy rehetra ho an'ny mpanjaka, ka niantefa tamin'i Estera ny safidy. Eny ê, ao amin'ny Baibolintsika no misy izany. Ny vehivavy rehetra tsy an-kanavaka dia tokony haneho amin'ny “lohan’ny ankohonana” ny fanajana sahaza azy, hatramin’ny lehibe ka hatramin’ny kely indrindra. Izany no naely tamin’ny fitenim-pirenena rehetra nisy tamin’izany andro izany. «... *hahatapaka ny ao an-tranony avy ny lehilahy rehetra ...*». Izany ihany no tsy maintsy torina amin'ny vahoakan'Andriamanitra, amin'ny fiteny rehetra. Teny feno fanajana ny vadiny no nampiasain'i Saraha nikasika azy. «... *Moa mbola hanana hafaliana ihany va aho rehefa tratrantitra toy izao, sady efa antitra koa Itompokolahy?*» (Gen. 18:12). Mbola izany ihany no nomen'ny Fanahy Masina tamin'ny alàlan'i Petera: «*Fa tahaka izany no niravahan'ny vehivavy masina fahiny, izay nanantena an'Andriamanitra sady nanaiky ny vadiny; dia tahaka an'i Saraha, izay nanaiky an'i Abrahama ka nanao azy hoe "tompoko"; dia zanany ianareo, raha mba manao soa ...*» (1 Pet. 3:5-6)*

Tsy nataon'Andriamanitra ambanin-javatra ny manohitra ny fanahin'izao andro izao, izay miharihary indray toy ny tamin'ny andron'i Vasti, ka hatramin'ny tontolo kristiana aza no tafidirany. Tamin'ny 1933

sahady, dia efa nampahafantarin' Andriamanitra ny lehilahin' Andriamanitra izany, toy ny efa fantatry ny rehetra mpanaraka ity Hafatra ity. Tsy maintsy mandray ny toerana nomen' Andriamanitra azy na ny lehilahy, na ny vehivavy; koa nasongadina ny fifandraisan'izy ireo noho izany antony izany. Tsy maintsy averina amin'ny laoniny ny lamina izay naorin' Andriamanitra mafy tamin'ny voalohany, saingy noravan'i Satana. Paoly manoratra izao: «*Aoka ny vehivavy hianatra mangingina ka hanaiky tsara. Fa ny vehivavy tsy avelako hampianatra na hanapaka ny lehilahy, fa hangina ihany.*» (1 Tim. 2:11-12)

Ankehitriny dia mahalana hita izany vehivavy mianatra “ampahanginana” izany — izany no asiana tsindrimpeo! Heno ny fitenenana tsy amim-pahamalinana hoe: “Ao am-piagonana isika no tsy maintsy mangina, fa any an-trano kosa isika, aoka tsy hanaiky ho tapenam-bava!” sy ny “Ela loatra izahay no noporetina, ankehitriny mandresy izahay!”, na koa hoe: “Efa azonay ny zonay ankehitriny!” Anatin’izany indrindra ireo anabavy izay mihevi-tena ho “ara-panahy”, kanefa mamita-tena noho ny fananany fiainana roa sosona.

Atsidiky ny apostoly ny andraikitra fampianarana takina amin’ireo antitra: «... mba hampianarany ny vehivavy tanora fanahy ho tia ny vadiny, ho tia ny zanany, hahonon-tena, ho madio toe-panahy, hiasa ao antranony, ho tsara fanahy, hanaiky ny vadiny, mba tsy hitenenana ratsy ny Tenin' Andriamanitra.» (Tit. 2:4-5). Toy izany no famantarana ny vehivavy voatahy: raha mampianatra ireo rahavaviny izay miomana hanambady izy, mizara aminy ny traikefa niainany, mba ho voatahy koa ireo ao amin’ny ankohonany avy. Fa ahoana kosa ny amin’ireo izay manao mifanohitra amin’izay lazain’ny Soratra Masina, ka raha tokony hampianatra hankatô izy, dia mitaona mivantana amin’ny tsifankatoavana? — Araka ny tenin’ny apostoly, tsy misy afa-tsy ny anabavy ao amin’i Kristy, izay nitondra ara-Baiboly ireo vady aman-janany, ihany no afaka hampianatra ireo anabavy tanora ho voatahy ao amin’ny fanambadiany sy ny ankohonany. Fa raha tsy izany, dia ny mifanohitra tanteraka amin’izany no ho vokany, toy ny efa hitantsika mitranga, taona maro izao, amin’izao andro farany izao. Tokony ho ny lahy no lohan’ny vavy, tsy mpanao didy jadona ao an-tokantrano anefa, izay tsy mahafehy na ny tenany aza, fa te-hampiasa herin-tsandry

hifehezany ny ankohonany. Tsy mety hitoetra ny lamina araka an'Andriamanitra raha tsy ny tsirairay no mipetraka amin'ny toerana voafaritry ny Tenin'Andriamanitra ho azy, ary manana ny fitiavana araka an'Andriamanitra. Amin'izay ihany vao foana ireo fifaneriterena, satria ny tsirairay dia sady manana no mandray anjara amin'ny fahazoana fiadanana.

NY LALANA MARINA

Hoy ny mpaminany (Par.222-223): “Hiverina ao amin’ny lohahevitra ny fanambadiana sy fisaraham-panambadiana isika. Hitanareo, tsy maintsy voambara izany. Raha mbola tsy voambara izany, dia tsy fantatrareo. Fa nampanantena Izy fa amin’izao andro farany izao, amin’ity Taom-Piangonana ity, ny zavamiafina rehetra ao amin’ny Baiboly dia ho voambara. Firy no mahalala izany?... Nampanantena Jesosy fa ireo zavamiafina rehetra, ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana, sy ireo zavamiafina hafa rehetra izay nafenina hatrizay dia ho voambara avokoa amin’ireo andro farany. Tsaroanareo io Feo izay nilaza tamiko io, hoe: “Mandehana any *Tucson*“. Tsaroanareo io Hazavana mahagaga teny amin’ny lanitra sy ireo Anjely fito nijoro tao anatiny, sy ny fiverenako tat�, ary ny fanokafana ireo Tombo-kase fito...“

Amin’ny fanajana nandraisantsika sy nanekentsika ny fampianarana mikasika ny amin'Andriamanitra, ny batisa, ny fandraisana ny Fanasan’ny Tompo, sns..., no tokony hanekentsika tsy amim-pihambahambana ny Tenin'Andriamanitra rehetra mikasika ireny zavatra ireny ho fampianarana antsika. Raha ny amin’izany, ny halalin’ny lovan’ny finoana ara-Baiboly dia mitaky koa ny andaminana tsara sy andinohana ny rehetra voalazan’ny Soratra Masina. Io lohahevitra izay mikasika ny tsirairay manokana io, kanefa manan-danja loatra, dia tsy azo ampiharina na hadika amin’izay itiavantsika azy. Tsy misy mahazo mandinika ny trangany manokana ka manapa-kevitra ny amin’izany, fa tsy maintsy ireo rahalahy tompon’andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra, izay nohamarinina ny maha-mpampianatra sy mpiandry ondry azy, no milaza izay marina **araka ny Soratra Masina**. Tsy maintsy araka ny bokin’ny lalàn'Andriamanitra irery no hitsarana, ary tsy asiana fanakavahan’olona, sady ao am-

Piangonana no anaovana izany fa tsy an-trano. «*Manekè ny mpitondra anareo, ka manoava azy; fa izy miambina ny fanahinareo araka izay tokony hataon'ny olona mbola hampamoahina, mba hanaovany izany amin'ny fisaliana, fa tsy amin'ny fisentoana; fa tsy hahasoa anareo izany.*» (Heb. 13:17). Izay rahalahy na anabavy manana olana ampanambadiana, na sendra fisaraham-panambadiana, ka tsy mety hitondra izany eo anatrehan'ireo minisitera natsangan'Andriamanitra ao amin'ny Fiagonana, dia mamita-tena. Satria tsy manaja ny mpiandry ondry sy ny Tenin' Andriamanitra izy ireo, fa mandeha amin'ny lalany manokana, izany hoe maka mpisolo-vava izy ireo ary manatona ny mpitsara, ataony fa ireo no manam-pahefana ho an'ny mpino. Ny mpino iray tojo olana ampanambadiana ka avy hatrany dia mitady vaha-olana any amin'izao-tontolo-izao, dia mametraka ny tenany eo ambanin'ny fifehezan'ilay “ratsy“, ka noho izany dia mioko mivantana amin'i Kristy, ilay Lohan'ny Vatana izay ny Fiagonany, ary manafoana ny Tenin' Andriamanitra ny aminy. Na lehilahy izy na vehivavy, na izy no tonga voalohany tamin'ny mpisolovava na tsia, aoka ho fantany fa ny fanaovany izany dia manameloka azy ho miteny ratsy an' Andriamanitra, satria izany dia mety mitarika ny famingavingan'ireo tsy mpino sy ireo hafa rehetra, kanefa ireo dia anisan'ny novidin'ny Tompo lafo ihany koa. Matetika dia ireo izay manana ny fahadisoana indrindra no manapaka ny fanambadiana, ary misaraka amin'ny fiombonana ara-Baiboly, satria tsy afa-mitoetra ao ampiangonana intsony izy ireo noho izany. Mazoto mihitsy ireo diso ireo milaza fa misy tsy metimety ao amin'ny Fiagonana sy amin'ireo mpiandraikaitra ny fanompoana. Izy ireo ihany no hitany fa manana ny marina, saingy araka ny fijerin'ny Soratra Masina, dia tsy manao izy ireo afa-tsy ny mamela ny devoly hanimba azy, sy ny hafa koa. Miharihary fa tsy anisan'ny ondry izay mihaino ny Feon'ny MPIandry tsara ny olona izay tsy mety hanaja ny Tenin' Andriamanitra, satria na lehilahy izy na vehivavy, dia nateraky ny Teny-Voa — eny, na efa nahazo ny Batisan'ny Fanahy Masina sy ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy aza. Amin'izany indrindra dia miresaka zavatra mahasoa ny rahalahy *Branham* raha milaza fisiana “faribolana“ telo, izany hoe sehatra telo, dia ny fanahy, ny saina ary ny vatana.

Hoy indrindra izy ao amin'ny toriteny tamin'ny 15.08.1965, hoe “*Et vous ne savez pas*“ (Par.127): “Fa izao, mety ao amin’io farity ny saina io ny olona no miaina, mandihy ao am-panahy, mihiaka ao am-panahy, mandeha any am-pianganana am-panahy, ary mety voahosotry ny Fanahy Masina koa ao amin’io sainy io. Kanefa dia very izy ary ny demonia no manjaka aminy, ao amin’io sainy io.“

Ny manana ny marina dia ny Tenin’Andriamanitra irery ihany; ankoatra Azy dia tsy misy; ary izay olon’Andriamanitra dia mihaino ny Tenin’Andriamanitra (Jaona 8:47). Izany no voasoratra, ary sambatra izay mampihatra izany. Tsy mahazo mitanila amin’ny andaniny na ny ankilany ny mpiandry sy ireo loholona, ary koa tsy tokony hanana roim-pihavanana aminy. Tsy maintsy ny Soratra Masina ihany no iaingany, ary tsy hamoaka ny heviny samirery izy. Fa ny fanapahan-kevitra farany dia apetraka amin’ireo olona manana ny olana, ary amin’ireo ihany, satria izy ireo no hampamoahina amin’izay ataony. Araka izany koa, dia tsy maintsy izy roa miaraka no iresahana, fa tsy ny iray ihany, mba ahafahan’ny tsirairay miteny mikasika ny fanakianana sy ny fanomezan-tsiny atao aminy. Raha tsy izany no atao dia mety ho zava-doza izay tsy nampoizina no hitranga. Satria ho afaka hamafy izay lainga sy fanaratsiana tiany atao ny tsirairay. Kanefa, toy ny hitantsika ao amin’ny 1 Korintiana 6, ireo mpanaratsy, toy ireo mpangalatra sy mpanao an-keriny sy mpanompo sampy sy sodomita sns, ... dia tsy mba handova ny Fanjakan’Andriamanitra. Raha ny fitsarana kosa, dia mandidy ny Tompo hoe: «*Aza manao izay tsy marina amin’ny fitsarana; aza miandany foana amin’ny malahelo, na mena-maso ny lehibe; fahamarinana no hitsaranao ny namanao. Aza mandehandeha manaratsy eo amin’ny firenenao; aza mitsangana handatsaka ny ran’ny namanao: Izaho no Jehovah.*» (Lev. 19:15-16). Matetika i Paoly dia mampitandrina toy izao, hoe: «*Aza manome fitoerana ho an’ny devoly* (ilay mpanaratsy).» (Efesiana 4:27). Ny olona mitandro ny fiombonan’ny fanambadiany dia mametraka ny tsiambaratelo ao amin’ny toerana tokony ipetrahan’izany, dia ao an-trano. Tsy maintsy **miaraka mandinika ny zavatra rehetra** ireo mpivady, fa tsy mifanakiana. Ifampiresahany ny zavatra rehetra fa tsy ifandirany, ary iarahany mitondra am-bavaka. Tsy maintsy maharitra koa ny tsirairay hanome fotoana ny ankilany andraisan’

ny ankilany izay voalazany sy itsakotsakoany izany. Misy foana olana ao amin'ny fanambadiana sy ao amin'ny fianakaviana izay tsy maintsy itadiavam-bahaolana, fa na manao ahoana dia mety ampiharina ity teny ity, hoe: «... *Mihavàna tsara.*» (1 Tes. 5:13). “Azo atao ny zavatra rehetra raha mino araky ny Baiboly“ ary “Tsy hita ny lâlana iraisana raha tsy iray koa ny sitrapo“. Rehefa tsy sitrapon’ny olona intsony ny manohy, dia tsy mitady lâlana iaraha-mamindra intsony izy. Ny olona izay mitondra ny olam-panambadiany ho fantatry ny olon-drehetra dia mivadika amin’ny vadiny, mamono ny fifampitokisana, ary mametraka ny tenany amin’ny tsifiverenan-dàlana intsony. Tsy afaka miverin-dàlana intsony izy, ka mitarika azy ho mafy fo izany. Dia mihazakazaka amin’ny fahaverezena izy, tsy miraharaha izay ho voka-dratsy sy ny olona izay mety ho voasarika na ho voaratra amin’izany. Voasarika daholo ireo rehetra izay maheno ny zavatra. Amin’ ny alâlan’ny resaka mitanila mikasika ny iray amin’ireo nisaraka, dia miforona hoazy ny fitokoana mahatonga fivakisana, tsy eo amin’ny mpivady ihany, fa ao amin’ny fianakaviana koa, ary ao amin’ny Fiagonana. N’aina n’aina hisy faka mangidy mitsimoka dia ho maro no voaloto, ka ny ankamaroany dia ampirehetin’ny afon’ny helo ny lelany. Izany fomba izany no efa nanapotehan’i Satana fiagonana maro. Tsy ny lazan’ny olona ihany no vonoiny fa ny fanahiny koa. Tokony ho fantatry ny mpino fa izy tsy natao itsaontsaona mikasika ny tantaran’ny fianakaviana izatsy, na fianakaviana izaroa. Fa ireo zavatra be voninahitra vitan’Andriamanitra tamin’ireo no tokony ho tantarainy, fa tsy izay ataon’ny devoly no aeliny etsy-sy-eroa. Ny fijoroana vavolombelona ho an’Andriamanitra tena izy dia tsy mba manomboka amin’ny hoe: “Moa efa henonao fa...?“. Aoka ho fantatry ny rehetra fa ny fampielezana fanaratsiana dia fanesoran-tena tsy ho ao amin’ny Fanjakan’Andriamanitra ho an’izay manao izany. Tsy misy izany fahasoavana mora azo izay ianteheran’ny sasany izany; tsy misy afa-tsy ilay fahasoavana izay novidina lafo. Ny saran’ny fanavotana dia ny Rà sarobidin’ny Zanak’ondrin’Andriamanitra. Nanontany i Davida hoe: **«Jehovah ô, iza no hitoetra ao amin’ny tabernakelinao? iza no honina ao antendrombohitrao masina? — Izay mandeha tsy misy tsiny ary manao izay mahitsy, sady misaintsaina ny marina ny fony; tsy manendrikendrika amin’ny lelany, sady tsy manisy ratsy ny sakaizany, ary tsy manao izay**

hahafa-baraka ny namany.» (Sal.15:1-3). Tsy ho anisan'ny Fiagonan'ny voalohan-teraka, afa-tsy ireo izay manaiky ho tsarain'ny Teny, manaiky ahitsy sy ho fehezin'ny lamina ara-Baiboly. Ny olona izay manao tsinontsinona ny Fiagonan'Andriamanitra sy ny asan'Andriamanitra dia nohajambain'ny fieboeboany, ka voafitaka. Ireo hevitra rehetra arosony mba hilaminan'ny fieritreretany dia tsy hisy lanjany na kely aza amin'Andriamanitra sy anatrehan'ny Fitsarana tampony. Ny hany manandanja Aminy dia tsy misy afa-tsy izay nodidiny sy nobaikony, Izy mihitsy. Ny olona iray izay faly fa afaka indray, kanefa namela ratram-po sy fahorian-tsaina tamin'ny hafa, dia nohajambaina.

Azo atao ve ny minia manohitra ny Tenin'Andriamanitra kanefa sady miseho ho ara-panahy izaitsizy no mihevi-tena ho singan'ny Fiagonana-Ampakarina? — Tsia! tsia dia tsia! tsy manaiky izany Andriamanitra! Isika tsy maintsy mino ary mihetsika toy ny voalazan'ny Soratra Masina. Ankehitriny, mitondra ny Fiagonany ho amin'ny fahatanterahany ny Tompo. Ary toy ny tany amboaloahany, dia ho iray-fo sy iray-saina io Fiagonany io. Izy izay Lohany, izao dia manambatra ho eo ambaniny ny Vatany izay manana singa maro. Imbetsaka ny rahalahy *Branham* no nilaza fa ilaina ho voambara amin'ny tsirairay ireo zavatra mikasika ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana. Tsy mihevitra “fanambarana manokana” izy amin’izany, fa ilay fanambarana omen’ Andriamanitra mihitsy, rehefa avy namaky ny famelabelarana ireo andalana rehetra ao amin’ny Baiboly.

IREO MPANOMPON'ANDRIAMANITRA

Raha mandinika ireo mpanompon'Andriamanitra isika dia mahita fa tsy nanadihady ny mikasika ny tsirairay tamin’izy ireo Andriamanitra. Nalainy fotsiny izay tiany, na nanam-bady io na mpitovo. Ny fiainana nandalovan’izy ireo dia samy hafa avokoa. Zavatra maro voatatitra ao amin’ny tantaran’ny Fiagonana no ahitantsika mikasika ny fiainan’ireo lehilahin’Andriamanitra ireo. Ohatra, hitantsika ao fa i *John Wesley* dia nanambady mananotena nanan-janaka, ary ory indrindra tao amin’ny

fanambadiany. Saingy tsy nisy tamin'izy ireo nanohitra ny natiora, lasa sodomita na nijangajanga.

Ny fantatsika fotsiny dia nijangajanga i Davida, na efa maro be aza ny vadiny. Tsy vitan'izany fa mbola nataony izay nahafaty ny vadin'io vehivavy nalainy io. Dia sarotra amintsika ny misaina fa taorian'izany dia mbola afaka nihira Salamo i Davida, na efa avy namorona Salamo fibebahana lalina maro aza izy.

Na manao ahoana, ny mitoetra dia tsy manenina ary tsy miverina amin'ireo **fanomezam-pahasoavany sy Antsony Andriamanitra**. Izany no izy, ary naneho ny Fahalehibiazany aza ny Tompontsika, raha niantso ny Tenany ho "Zanak'i Davida" amin'ny maha-Mpanjaka Azy. Navelan'Andriamanitra hisy ny fahotan'i Davida mba anehoany, sahady tao amin'ny Testamenta Taloha, ny fandresen'ny fahasoavana sy ny famindram-po (Rom.4:7-8). Tsy manaiky koa Izy ankilan'izany, na iza na iza hanakiana ireo Mpanompony. Izany no voasoratra ary mitoetra mandrakizay ho tsy maintsy ankatoavintsika: «*Aza manendry ireo voahosotro, Ary aza manisy ratsy ireo mpaminaniko.*» (Sal. 105:15), sy ny hoe: «*Iza moa ianao izay mitsara ny mpanompon'ny hafa? Amin'ny tompony ihany no ijoroany na ahalavoany. Nefa hampitoerina ihany izy; fa mahay mampitoetra azy ny Tompo.*» (Rom. 14:4).

Enoka no ilay hany tokana tsy notanisana fahadisoana manokana. Naseho taminy ny hiavian'ny Tompo miaraka amin'ireo masina analin-kisa hanatanteraka ny fitsarana (Joda 14-15). Nanambady sy niteraka zazalahy sy zazavavy izy, ary niara-namindra tamin' Andriamanitra. Tamin'ny faha-365 taonany dia nampakarina izy. Voambara talohan'ny nampakarana azy fa nankasitrahany' Andriamanitra izy. Mpandimby fahafito an'i Adama izy, sy tandindona ho an'ny Fiagonana-Ampakarina, izay ho tonga amin'ny fahatanterehany ao amin'ny taom-Piangonana farany, ary hahazo ny fankasitrahany' Andriamanitra, satria ho tsy misy pentimpentina na fikentronana; .fa ao amin'ny hatsaran-tarehy be voninahitra no hanodrosoany eo anatrehan'ny Mpampakatra azy avy any an-danitra. Isika izay mbola ho velona amin'ny Fiavian'ny Tompo, dia tsy handalo fahafatesana, tahaka an'i Enoka koa, fa isika hovana.

Nanambady ary nanan-janaka telo lahy i Noa: izy dia mpitoky ny fahamarinana. Raha tratry ny fahamamoana mahamenatra izy dia nahalala ny voka-dratsin'ny fitiavan-divay. Nahita ny fitanjahan-drainy i Hama zanany, dia nijery, avy eo niresaka izany, nanao tsinontsinona an-drainy; dia nitarika voka-dratsy izany. Rehefa afaka ny hamamoan'i Noa, dia naminany toy izao izy: “*Voahozona anie Kanana*”, zanak'i Hama. Misy sokajim-pahotana izay sazin’Andriamanitra amin’ny hozona, satria izao no voasoratra: «*Hozonina izay manao tsinontsinona ny rainy na ny reniny!*» (Deo. 27:16). Voafatotra amin’ny Teny rehetra Andriamanitra, ary ankehitriny, ny hozona dia miampita amin’ny taranaka mifandimby, amin’ireo izay manamavo na manao tsinontsinona ny rainy na ny reniny. Sambatra ireo zanaka izay mahazo ny tso-dranon-drainy, tahaka ny nataon'i Jakoba.

Nanambady an'i Saraha i Abrahama, ary naka an'i Hagara ho vaditsindrano, ary rehefa maty i Saraha, dia nanambady an'i Ketora izay mbola niterahany enina izy.

Nanana vady sy vaditsindrano maro i Jakoba, izay niterahany ireo rain'ny fokon' Isiraely. Voatantara ao amin'ny Boky masina izany, hatramin'ny antsipirihany, ohatra toy ny nitiavany kokoa an'i Rahely noho i Lea. Tsy nanakiana azy Andriamanitra tamin'ny hafetsifetsena sy fitapitaka nataony mba nahazoany ny fizokiana. Niantrany izy ary notahiny. Ny fon'ireo Olom-boafidiny no hitan'Andriamanitra, ary tsy manisa ny fahotany Izy. Ny lehilahy iray mpametsifetsy sy mpamitaka dia novan'Andriamanitra ho miaramilan' Andriamanitra, izay nitolona mandrapiposahan'ny masoandro, mandra-pisandratan'ny andro iray vaovao.

Mosesy efa nanambady an'i Zipora, kanefa mbola naka vehivavy etiopiana iray, ary izany no nahasorena an'i Myriama anabaviny sy Arona rahalahiny taminy (Nom.12). Nitombina izany fahasorenana izany satria fahavetavetana teo imason'Ilay Mpanao Lalàna izany. Kanefa ny Tompo tsy mamela na iza na iza, na anabavy sy rahalahy ara-nofo aza, hanendry ireo Voahosony. Tsy azo halahatra amin'olon-tsotra izay miankina amina fokom-pirenena iray ireo Mpanompon'Andriamanitra ireo. Asa ambony indrindra eto amin'ny tany no iandreketany. Tsy nibedy an'i Mosesy Andriamanitra, fa nanome rariny azy, ary nanasazy an'i Myriama tamin'ny

aretina fahabokana. Izy ihany anefa no nanoratra ny teny nivoaka ny vavan'Andriamanitra hoe: «*Ary raha maka vehivavy hafa ho vadiny izy...*» (Eksodosy 21:10). Koa izao no fotoana farany izay hifehezantsika ny lelantsika, mba tsy ho foana ny fanompoantsika an'Andriamanitra.

Elkana, rain'i Samoela, dia nanana vady anankiroa, Ana sy Penina. Samoela dia zanaka azon'i Ana noho ny vavaka nataony, ary nitoeran'ny fitahian'Andriamanitra. Gideona dia nanambady maro ary niteraka zazalahy 70 tamin'ireo. Nahavita asa lehibe nandidian'ny Tompo azy izy, kanefa nitarika ny zanak'Isiraely tamin'ny fanompoan-tsampy tato aoriania. Eo koa ny tantaran'i Samsona, sy ireo maro hafa. Tsy tena fantatsika loatra ny amin'ny fanambadian'ireo mpandompon'Andriamanitra sasany. Izany dia maneho fa amin'Andriamanitra dia tsy manan-danja loatra ny mikasika ny zavatry ny tany raha ampitahaina amin'ireo zavatra mihoatry ny voajanahary. Mikasika an'Isaia, ilay mpaminan'ny Testamenta Taloha izay naneho tsara indrindra ny tantaran'ny Famonjena, dia izao no vakintsika ao anatin'ny faminanina iray: «*Ary nankany amin'ny mpaminanivavy, aho; dia nanan'anaka izy ka niteraka zazalahy. Ary hoy Jehovah tamiko: Aoka ny anarany hataonao hoe Mahera-salala-hasi-baza [Avy faingana ny famaboana, mimaona ny fandrobana].*» (Isaia 8:3). Tsy voalaza amintsika iza io mpaminanivavy io. Tsy misy fantatsika ny amin'i Jeremia, afa-tsy ny hoe efa natokana ho mpaminanin'ny Jentilisa izy hatra tao an-kibondreniny, ary voantso hanao ny fanompoana izy raha mbola tovolahy. Ny mpaminany Ezekiela dia nentina tany Babylona niaraka tamin'ireo Jiosy mpiray firenena taminy. Raha mbola niresaka tamin'ny vahoaka izy ny maraina, ny harivan'iny dia maty ny vadiny (Ez. 24:18).

Ny mpaminany Hosea dia nilazana hoe: «*Andeha ianao maka vady izay efa tena janga sy zanaky ny fijangajangana; ...*» (Hos. 1:2). Tsy mba ho niteny izany tamina mpisorona na mpisoronabe ny Tompo, satria ny Lalàny ihany no niteny fa tsy mahazo manambady afa-tsy virjina ny mpisoraona. Hosea dia niteraka tamin'io vehivavy janga io zazalahy iray “Jezirela“, zazavavy iray “Lo-rohama“, ary zazalahy iray “Lo-Amy“. Dia gaga isika maheno izany. Fa izany no nanehoan'Andriamanitra mialoha ny tantaran' Isiraely sy ny Fiagonana (Rom. 9:24-27).

Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia endrika samihafa ana mpanompon' Andriamanitra no hitantsika. Nanambady i Petera, fa Paoly tsy nanambady. Notakina tamin'ireo diakona sy loholona ny hanana vady tokana (1Tim. 3 sy ny hafa). Tsy notakina izany tamin'ny apostoly sy mpaminany, mpampianatra, sns. Amin'izany koa dia tsy maintsy ampiharintsika tsara ny Tenin'Andriamanitra hitandremantsika ny amin'ny zavatra lazain'Andriamanitra sy amin'izay ilazany izany. Tsy mety ve raha isika rehetra mba mamerina mamaky indray ny Tenin'Andriamanitra, ka tsy asiana fisainana mialoha fa vakina fotsiny izay voasoratra?

Ny hany mba voalaza mikasika ny fiainana manokana an'i Petera dia voan'ny tazo mahery ny rafozambaviny, ary nositranin'ny Tompo. Tsy hananantsika fahalalana mihoatra izany koa mikasika ny fiainan'ny ankamaroan'ireo apostoly. Fa Paoly, toa nanao tora-po raha niteny hoe: «*Tsy olona afaka va aho? Tsy Apostoly va aho? Tsy esa nahita an'i Jesosy Tompontsika va aho? Tsy asako ao amin'ny Tompo va ianareo... Moa tsy mahazo mitondra vady izay isan'ny anabavy va izahay, tahaka ny Apostoly sasany koa sy ny rahalahin'ny Tompo ary Kefasy? Sa izaho ihany sy Barnabasy no tsy mahazo mitsahatra tsy miasa?*» (1 Kor. 9:6). Ireo rahalahin'ny Tompo, Jakoba sy Joda, araka izany, dia nanambady. Ao amin'ny Galatiana 1:19 i Paoly no milaza an'i Jakoba ho rahalahin'ny Tompo, ary Joda manondro an'i Jakoba ho rahalahiny ao amin'ny andininy voalohan'ny epistiliny.

MIVERINA AMIN'NY TENY – MIVERINA AMIN'ANDRIAMANITRA

Tao amin'ny Testamenta Taloha Andriamanitra dia nifidy vahoaka iray voajanahary, izay nampanantenainy homena tany honenana. Ao amin'ny Testamenta Vaovao, ny Fanjakany dia tsy eto amin'ity tany ity. Izany no Fanjakan'Andriamanitra; kanefa raha mbola eto amin'ny tany isika, dia mbola fehezin'ireo didin'Andriamanitra mikasika ny fiainana voajanahary ihany koa. Fa izao: tsy afaka misfanontany isika hoe “Ahoana ny hevitrao amin'izany? Ahoana ny fahitanao izany?”. Manomboka ankehitriny ny fitsarana ao amin'ny Tranon'Andriamanitra izay ataon’ny

Fitondran'ny Lanitra. Noho izany tokony izao ny fanontaniana apetrantsika hatrany hatrany, hoe: "Ahoana ny fijerin'Andriamanitra izany? Inona no voalazany mikasika izany?" — Ny atao dia ny mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra voarakitra ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, ary mampihatra izany ao amin'ny fiainantsika manokana. Izany no fanirian'ny zanak'Andriamanitra mahitsy fo. Tsy maintsy ampiharina amin'ny lafimpianantsika rehetra izany sitrapon'Andriamany izany, izay tsara, mahafinaritra ary tanteraka. Amin'izay ihany vao mahazo sitraka Aminy isika, ary izany ihany koa no fepetra amin'ny fampakarana antsika. Toy ny tsy maintsy hitondrana ny Fiagonana hifanaraka amin'ny fampianaranana amin'ny alàlan'ny asa mirindra tanteraka amin'ny Tenin'Andriamanitra no tsy maintsy hahatongavan'ny olom-boafidy rehetra amin'ny lamin'Andriamanitra, na ao amin'ny fanambadiana, na ao amin'ny fianakaviana, na ao am-Piangonana. Tsy azo ekena intsony ny fifampimenomenonana sy ny fifampitarainana, satria antomotra ny Fiverenan'ny Tompo (Jak.5:7-11). Izay rehetra tsy mifanaraka amin'ny Soratra Masina — na amin'ny fitenenana na ny atao — ka miteraka fahasorenana dia tsy maintsy foanana. «*Kanefa raha mankatò ilay didy ambony indrindra ianareo, araka ny Soratra Masina hoe: "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao"* (Lev. 29.18), dia manao tsara ianareo. Fa raha mizaha tavan'olona kosa ianareo, dia manota ka helohin'ny lalàna ho mpanota. ***Fa na iza na iza mitandrina ny lalàna rehetra, nefä diso amin'ny iray loha dia meloka amin'izy rehetra.*** Fa Ilay nanao hoe: "Aza mijangajanga" no nanao hoe koa: "Aza mamono olona" (Eks. 20.13, 14). Fa raha tahiny tsy mijangajanga ianao, kanefa mamono olona ihany, dia mpandika ny lalàna ianao. Aoka ianareo hiteny sy hanao araka izay mahamendrika anareo, izay olona hotsarain'ny lalàn'ny fahafahana. Fa fitsarana tsy misy famindram-po no ho anjaran'izay tsy mamindra fo; ary ny famindram-po kosa dia faly, fa tsy mba matahotra ny fitsarana.» (Jak. 2:8-13)

Maro ireo mpino izay miandry ny hetsika farany hataon'Andriamanitra arahana famantarana sy fahagagana, izay azo antoka fa ho avy tsy ela. Kanefa mialoha izany, ny zavatra rehetra dia tsy maintsy ampodiana tena hifanaraka amin'ny Teny, ao amin'ny lamina ara-Baiboly.

Amin'izay ihany vao afaka hanomboka hiomana amin'ny fiverenan'i Kristy. Mialoha ny zavatra rehetra dia tsy maintsy tafaverina ao amin'ny Fiangonany ny fatahorana an'Andriamanitra; izy no fiandohan'ny fahalalana an'Andriamanitra sy ny fahendrena rehetra, izay mampitsahatra ny hadalantsika olombelona. Ny zavatra tokana notadiavin'Andriamanitra ary mbola tadiaviny ankehitriny dia ny handehanantsika ao amin'ny Teniny fa tsy hohoatra Izany. Amin'izay ihany vao mety hisy ny fiaraha-mamindra amin'Andriamanitra. «*Aza avela hisy tsy voaloa na amin'iza na amin'iza, afa-tsy ny fifankatiavanareo ihany; fa izay tia ny namany dia efa nahatanteraka ny lalàna. Fa ny hoe: Aza mijangajanga, aza mamono olona, aza mangalatra, aza mitsiriritra zavatr'olona* (Eks. 20. 13-17), *mbamin'izay didy hafa rehetra, dia samy efa ao anatin'izao teny izao hoe: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao* (Lev. 19. 18). Ny fitiavana tsy manisy ratsy ny namana; koa dia ny fitiavana no fahatanterahana ny lalàna.» (Rom. 13:9-10)

Hentitra tokoa ny rahalahy *Branham* tao amin'ireo toriteniny, raha nanambara ny ho fivoaran-javatra izay tena ho latsaka ivelan'ny lamin'Andriamanitra, amin'ireo andro farany. Izany no mahatonga izao antso mandòndona izao: Miverena amin'Andriamanitra! Miverena amin'ny Teny! Miverena amin'ny fampianaran'ny Baiboly! Ao amin'ny toriteniny mikasika ny fanambadiana vao natsidintsika izao, dia nilaza izy, rehefa avy nanome ohatra maromaro, fa ny fampianaran-diso no nampikorontana ambony-ambany ny zavatra rehetra, ka na ny lehilahy na ny vehivavy dia nisy efa nanambady indro na intelo.

Dia manindry izao filazany izao àry izy, hoe (Par.234): “ Kanefa tompon' andraikitra amin'izay tsapako fa napetraka amiko aho. Tsy azoko tazonina izany, saingy tsy haiko ny mampita azy. Ary haiko fa hapanitaka ity horonampeo ity. Ry rahalahiko isany ô! Vonona aho. Misokatra ny biraoko... Mbola toy ny tamin'ny taranaky ny menarana ihany, tsy misy valaka. Kanefa dia voaporofo tanteraka ny fahamarinany.“

Nahazo iraka izy hiteny — amin'ireo izay nanao fahadisoana mikasika ny fanambadiana sy fisaraham-panambadiana araka ny Lalàn'Andriamanitra — fa namelana heloka ireo rahalahy sy anabavy ireo,

satria tsy nahazo fampianarana ara-Baiboly, ary nanao diso noho ny tsifahalalany.

Saingy tohizany manao hoe (Par.264): “... tezao ao anatin’ny fankaherezan’ Andriamanitra ireo zanakareo. Fa raha mamerina fahadisoana ianareo, Andriamanitra anie hiantra anareo! Ampianaro tsy hanao zavatra toy ireny ny zanakareo. Beazo anatin’ny fankaherezan’Andriamanitra izy ireo.“

Hoy izy hoe (Par.269): “Ho vavolombelon’izany, misy ireto olona maro be izay tonga eto, anisan’ny nahita ny Famantarana teo ambonin’ny tendrombohitra izay nahatongavan’ireo anjelin’ny Tompo tao anaty tadio, ireo Anjely fito, teo amin’ny nanokafana ireo zavamiafina fito. Ary mbola io Anjely io ihany no niseho, teo amin’io tendrombohitra io ihany, tamin’ny andro nanambarana izany.“

Nandritra ny minisiterany manontolo dia intelo ihany ilay rahona mahagaga no hita teo amin’ny lanitra ary azo nojeren’ny olona. Ny voaloan’izany dia tamin’ny Jiona 1933, fony nandraisany ny iraka, ny faharoa dia nialoha ny fanokafana ireo Tombokase, ary ny fahatelo dia nifandraika tamin’ny “Fanambadiana sy fisaraham-panambadiana“. Izany fotsiny dia efa manaporofa amin’ny rehetra mpamantatra ny zavatra arapanahy ny maha-zava-dehibe loatra eo imason’Andriamanitra ireo tranga mifandraika amin’izany, sy ny fahamatorana tsy maintsy handraisantsika ireny zavatra ambaran’ny Tompo ireny. Mikasika ity lohahevitra ity, dia misy mpino izay tsy te-hahalala na inona na inona. Kanefa ireo ihany no manao ambetin-dresaka izany mandrakariva. Tsy maintsy misy zavatra tsy metimety amin’izy ireo any-ho-any. **Ary satria tamin’ny fomba manokana no niresahan’Andriamanitra mikasika io lohahevitra io dia maniry Izy, raha ny rehetra hihaino izay tena teneniny.** Tsy fampianarana vaovao no nampitain-drahalahy *Brahnam*, namerina sy nanazava tanteraka fotsiny izay efa nolazain’Andriamanitra sady voasoratra ao amin’ny Teny izy. Dia afaka lazaina koa izao hoe: «*Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain’ny Fanahy amin’ny fiangonana*». Ary hihaino sy hamerina izay afafin’ny mpaminany sandoka maneran’izao-tontolo-izao ireo izay tsy te-hihaino ny Tenin’ny

Fahamarinana voalazan'Andriamanitra tamin'ny alàlan'ny mpaminaniny voamarina.

Mangataka amin'ny rehetra aho mba handinika ny Soratra Masina, hamaky sy hamerina hamaky amin'ny hitsimpo sy saina tony ny toritenindrahalahy *Branham* izay tsy maintsy namelabelarany izay nambara taminy. Raha namarana ny toriteniny mikasika ny fanambadiana sy fisarahampanambadiana izy dia afaka niteny tamim-pahatokisana tanteraka, hoe (Par. 274): “Ny marina no nambarako taminareo, ny IZAO LAZAIN’NY TOMPO hatra amin’ny voalohany ka hatramin’ny farany.“

IREO OLONY DIA MIHAINO NY TENINY

Ankehitriny dia mbola manadala olona maro ny fahavalо amin’ireny fombafomba maro sy antitra nolavana tamin’ny razana ireny. Tsy ampy azy izay nataony tamin’ireo “andron’ny tsifahalalana“, fa mbola tohizany amin’ny fomba mahamenatra izany na efa nisy fanambarana nivantana aza nomena. Kanefa hattrizay ela izay dia tsy nahazoana fanazavana antsipirihany toy izao ankehitriny izao ny zavatra tena nitranga tao saha Edena, izany hoe ny fomba nampidiran’ny fahavalо ny voany tao amin’ny zanak’olombelona, ary ny nahafahany nametraka eo ambany fahefany sy fifehezany ny zavatra rehetra. Izany nataony izany no antony nametrahan’Andriamanitra fandrafiana tamin’ireo taranaka anankiroa (Gen.3:15). Losifera — izay efa tao saha Edena talohan’ny nandatsahana azy (Ezek. 28:13-15) — dia tsy tia ny ampihanjahanjana azy. Tiany hafenina avokoa ny fiokony, ny nandatsahana azy avy tany an-danitra (Is. 14), ny fahotana voalohany izay vokatry ny famitahany tao Edena (Gen.3), ary ny halatra fanaony. Mbola te-hitory mikasika ny dian-tongotry ny menarana ny rahalahy *Branham*, ary hoy izy hoe: “Tany am-piandohana ny Bibidia, ary amin’ny farany dia mbola ny Bibidia ihany“. Saingy mampalahelo fa tsy nanana fotoana amin’izany intsony izy. Na izany aza, dia hantsika tsara ny fisainan’i Satana, araka ny voalazn’i Paoly ao amin’ny 2 Korintiana 2 ;11. N’iza n’iza, ka rehefa avy nanambarana ny toetry ny lehilahy sy ny vehivavy, araka ny nametrahan’Andriamanitra izany, nefa mbola miziriziry amin’ny heviny taloha ihany, dia manambara

fa tsy mbola niresahan'Andriamanitra izy. Ny mampanahy ahy dia ireo izay mitsangana ho mpanohitra ny Teny, satria manana fanahy hafa ireo, saingy tsy fantany. Miaraka sady mirindra hatrany hatrany ny Teny sy ny Fanahin'Andriamanitra. Ireo izay tsy mety hilefitra amin'ny Teny dia iasan'ny fanahy mpivavaka antikristy. Ary izany koa no manindry ireo vehivavy izay mitady ny lâlany manokana, na tsy mitondra azy hanao masera aza, fa mahatonga azy maneho ankarihary ny fanaovany tsinontsinona ny lehilahy izay, hoy izy ireo, "nampahory azy ireo ela loatra", mba hanamarinany ny fihetsiny tsy ara-Baiboly. Ny lehilahy koa dia tsy mahazo manao izay tsy neken'Andriamanitra ataony. Sambatra ireo rahalahy sy anabavy izay mametraka ny tenany ho eo ambanin'ny fahefan'ny Tenin'Andriamanitra rehetra, sady miaina izany.

Enga anie ny **rahalahy tsirairay** amintsika **hanaiky ho eo ambany fifehezan'i Kristy izay Lohany**, ary toy izany koa, **ny anabavintsika tsirairay hety ho ambany fifehezan'ny vadiny, toy ny amin'ny Tompo**, ary ny ankizy hankatô sy hanaja ny ray sy reniny, ireo ray kosa tsy hanorisory ny zanany, sns, mba ho tonga amin'ny fiainana mirindra, sitrak' Andriamanitra, ny singa rehetra ao amin'ny Fiagonana. Ny rahalahy *Branham* dia nahita, tao amin'ny fahitana, ny Ampakarina somary nivaona famindra raha njery ny fiagonana izay notarihin'ny mpamosavivavy iray. Fa hitany tafaverina tamin'ny famindra tsara ihany rehefa avy teo. Ka tamin'ny farany dia nitovy tanteraka tamin'ny Ampakarina voalohany ihany izy. Nisy vehivavy anankiray koa hitany, izay nandeha nilingilingy tamin'ny kiraro avo be sady nanao fitafin'izao tontolo izao, ary niteny tamin'ireo vehivavy hafa hoe: "Aza mihaino io lehilahy io! Ndeha asehoko anareo fa azo atao tsara ny mandeha toy izao amin'io lâlana io!" Kanjo, nibolisatra izy, ka tamin'ny fihikiana mafy be no nianjerany tao amin'ny lavaka-tsy-hita-nonoa.

Izay an'Andriamanitra dia mihaino ny Tenin'Andriamanitra. Manaiky ampamoahan'ny Teny izy, ka ahitsiny, hareniny, ary ampidiriny ao amin'ny Sitrapon'Andriamanitra. Izao voalazan'ny Tompontsika izao no mitoetra: «*Tsy Ahy ny fampianarako, fa an'izay naniraka Ahy. Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin'ny fampianarana izy, na avy amin'Andriamanitra izany, ...»* (Jaona 7:16-17). Tsy misy atao

ahafantatra fa avy amin'Andriamanitra izany fampianarana izany afa-tsy izay mihaino ny Tenin'Andriamanitra mba ahafantarany ny Sitrapon'Andriamanitra, ary vonona hampihatra izany. Amin'izay indray koa, ny Teny dia mbola hahatanteraka ny nanirahana Azy ao amin'ny rehetra. Ny "ao amin'ny rehetra" dia manondro ireo nateraky ny Teny-Voa ho amin'ny fanantenana velona. Ny olona izay tsy avy amin'ny Teny-Voa dia tsy afaka ho ao amin'ny Ampakarina-Teny, ary tsy misy ifandraisany amin' Andriamanitra, na amin'ny Tenin'Andriamanitra. Tsy maintsy karazana iray, sy-fianakaviana, ary ao amin'ireo izay naterak'Andriamanitra ihany no isian'izany.

FEHINY

Tsy mba anisan'ireo manao ny rahalahy *Branham* ho tabihany sy reharehany aho — ary tsy manao izany koa aho amin'i Petera sy Paoly, saingy izaho manaiky sy manaja an-kitsimpo ireo fanapahankevitr'Andriamanitra izay tokana mendrika omena ny voninahitra rehetra amin'ny alàlan'i Jesosy-Kristy Tompontsika. Nataon'Andriamanitra mendrika ny hamantatra ny andro sy ny oran'ny Fitsidian'ny Fahasoavany aho amin'izao taranatsika izao, sady hanaiky am-pankasitrahana ny Hafatra sy ny mpitondra hafatra, araka ny voalaza ao amin'ny Jaona 13:20, hoe: «*Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandray izay hirahiko dia mandray Ahy; ary izay mandray Ahy dia mandray izay naniraka Ahy.*». An-tapitriza maro ireo olona amin'ny taranatsika izao no afaka mijoro vavombelona fa ny asa fanompoana nataon-drahalahy *Branham*, mahagaga sy tsy manan-tsahala, dia iraka nivantana tamin'Andriamanitra. Tsy misy, amin'ireo evanelista lehibe hafa rehetra maneran'izao tontolo izao ankehitriny, no afaka manambara ny andro sy ny oran'ny niantsoan'Andriamanitra azy; ny azy ireny dia minisitera tsotra fotsiny no azo ilazana azy, fa tsy iraka izay manan-toerana ao amin'ny Drafi-Panavotan'Andriamanitra. Fa *William Branham* no niantombohan'ny hetsik'ireo fifohazam-panahin'ny Filazantsara Feno izay nantsoin'ny olona hoe "Hetsiky ny Pentekosta". Na tsy nivantana aza izany dia io minisiterany voatahy manokana io koa no nahaterahan'ny hetsik'ireo "Lehilahy mpandraharaha kristiana" notarihin'i *Demos Shakarian*, izay

nifoha nandritra ny fivoriana iray nataon-drahalahy *Branham*. Toy izany koa no niandohan'ny hetsika karismatika tamin'ny alàlan'i *David Du Plessis*, izay nalefan-drahalahy *Branham* nitety an'ny Etazonia taorian'ireo fivoriana nalaza tany Afrika atsimo, ka nahazoany ny anarambosotra "Andriamatoa Pentekosta". Efa nifanerasera tamin'izy roalahy ireo aho, nanomboka tamin'ny 1958 ho an'i *David Du Plessis*, ary nanomboka tamin'ny 1962 ho an'i *Demos Shakarian*, ary nanao fandikana toriteny ho an'izy ireo aza aho. Ireo evanjelista rehetra ao amin'ny hetsika fanasitranana ihany koa dia ny fanatrehana ny fivoriana nataon-drahalahy *Branham* no nahazoan'izy ireo izany finoana izany. Ary nitohy mandrak'amin'ny androntsika izao ny onjan'io fifohazam-panahy io. Nifanerasera tamin-drahalahy *Branham* aho ary nahita ny minisitera mahagaga nomena azy, izay nitovy tsy nisy valaka tamin'ny asan'i Jesosy-Kristy sy ireo apostoly, ka afaka nanaraka izany aho nandritra ny folo taona, hatramin'ny 1955 ka hatramin'ny 1965. Nandray anjara tamin'ireo fihaonana nomanin'ny "Voice of Healing" an'i *Rev.Gordon Lindsay*, tao *Dallas*, tany *Texas* aho, tamin'ny Jiona 1958; ka nanomboka teo, dia nandefasana ireo toritenin-drahalahy *Branham* rehetra nataony tany Etazonia aho. Maherin'ny 300 tamin'ireo no voadikako tamin'ny fiteny *Allemand*. Ary afaka miteny aho fa mihoatra ny rehetra eto ambonin'ny tany, dia afaka nanaraka ny dingana rehetry ny minisiterany aho, ka nandray ireo fisainany sy ny fampianarany. Toy ny tamin'ny andron'ny Tompontsika, dia tsy azon'izy ireo no sady notoherin'ireo mpanoradalan'izao andro izao koa ny minisiteram-paminaniany. Tsy nahazatra azy ny fahagagana satria tsy niainany manokana, kanefa dia ara-Baiboly tokoa izany, ary nohamarinin'Andriamanitra. Misy kasety dika voalohany iray azoko avela hohenoin'izay te-handinika marina, izay andrenesana andrahalahy *Branham* miasa ho an'ny marary amin'ny alàlan'ny fahitana, ny famantarana ny zavamiafin'ny fo ary ny fanomezam-pahasoavana manasitrana.

Na ny toriteniny mikasika ny "fanambadiana sy fisaraham-panambadiana", na ilay mikasika ny fahalavoana tao amin'ny fahotana, dia nahazoan-drahalahy *Brahnam* fanakianana hatraiza hatraiza. Ny amin'izany aho dia miteny fotsiny toy ny nolazain'i Petera mikasika ireo

famelabelarana lalina nataon'i Paoly, hoe: «... *fa milaza izany zavatra izany ao aminy izy; ary amin'ireo efa misy zavatra saro-pantarina, izay aolan'ny olona kely fahalalana sady tsy miorina tsara, tahaka ny anaovany ny teny sasany amin'ny Soratra Masina koa, ka mahatonga fahaverezana ho an'ny tenany.*» (2 Pet. 3:16). Toy izany hatrany no nisy, ary mbola toy izany ankehitriny: misy olona izay tsy nanambarana ireny famelabelarana ireny ka **manolana azy ary mahatonga fahaverezana ho an'ny tenany ihany**. Ny faharesen-dahatra lalina ananako dia raha tsy mahitsy fo sy marina ny olona iray, tsy hahafantatra tsara ny zavatra rehetra izy. Ny Tompo anie hanokatra ny rehetra amin'ny fahafantarana ny Soratra Masina mikasika ity lohahevitra ity, ary ny tsirairay hamantatra ny mikasika ny tenany manokana ka handamina ny fiainany araka izany, satria voasoratra hoe: «...*Fa aoka ny olona hamantatra ny tenany...*» (1Kor.11:28). Amin'izay ny zavatra voambara dia hahatanteraka ny tanjony. Toy ny voalazan'i Paoly hoe: «*amin'ny voninahitra sy ny fahafaham-boninahitra, amin'ny laza ratsy sy ny laza soa; tahaka ny mpamitaka, nefo marina ihany...*» (2 Kor. 6:8), izaho dia manatanteraka izay nandidian'ny Tompo ahy hatramin'ny nolazany izany tamiko tamin'ny Feony mahery-tsitoha, hoe: "... Halefako any amin'ny tanàna hafa maro ianao history ny Teniko.“ Zary fanilon'ny tongotsika sy fanazavana ny lalantsika ny Teny voambara. Ankehitriny ny Fiagonana-Ampakarina dia miaina ao anatin'ny Teny rehetra izay nomanin'Andriamanitra ho hanina ara-panahy ho antsika amin'izao fotoana izao. Izay noraisin-drahalahy tamin'ny Tompo ka nambara taminy, dia ampahany amin'ny minisiterako ny mametraka izany amin'ny toerany ao amin'ny Teny sy mampita azy. Imbetsaka nisy amin'ireo mpitoriteny malaza ireo no niteny tamiko fa manimba ny minisiterako ny filazako an-drahalahy *William Brahma*, indrindra ny mikasika ny fanohanany ny “taranaky ny menarana“. Kanefa izaho tsy maintsy mitoetra ho mahatoky amin'ny niantsoan'ny lanitra ahy, na inona na inona no hitranga. Finoana mafy ananako no ahafahako miteny toa an'i Paoly hoe: «*Raha mbola mila sitraka amin'olona aho, dia tsy mpanompon'i Kristy.*» (Gal. 1:10 b). Izany dia satria, tahaka an'i Paoly, tsy nandray tamin'olona io Filazantsara io aho, ary tsy mba nampianarina, fa tamin'ny fanambaran'i Jesosy Kristy no nahazoako azy (Gal. 1:12).

Tsy misy azoko atao raha sarahan'Andriamanitra tanteraka ireo fanahy noho ity famelabelarana ity. Hatrany hatrany Izy dia nanasaraka ny hazavana amin'ireo haizina. Vonona hivesatra ny fandatsana an'i Kristy aho, sy ny ahy manokana, ary koa ny an-drahalahy *Branham*. Hanome ny Fahasoavany amin'ireo rehetra izay notompoiko tamin'ny Anarany anie Andriamanitra, amin'ny Fiverenan'ny Tompo malalantsika, ary tsy ho diso fanantenana voatery hijanona ety izy ireo, fa kosa hahazo anjara amin'ny fifaliana lehiben'ny fitsanganana amin'ny maty sy ny fampakarana. Izany no aoka ho valisoako, fa tsy maniry ankoatra izany aho. Miteny amin'ny tsirairay manokana amin'ny alàlan'ny Teniny Andriamanitra. Ny zavatra voalaza ato amin'ity famelabelarana ity dia tsy natao hampiasaina hanakianana olona; hamakian'ny lahy amin'ny vavy na ny vavy amin'ny lahy izay mahakasika azy, fa aoka ny tsirairay hamaky ny mikasika azy ihany, ao anaty vavaka, mbaahasoa ny tenany, ary hamela ny Tompo hiresaka aminy izy amin'ny alàlan'ity famelabelarana ity. Amin'izay dia ho voavonjy ny rehetra. Mivavaka aho mba hanome ny Fahasoavany ho amin'izany Andriamanitra.